NY TAOM-PIANGONANA PERGAMOSY.
Apokalipsy 2:12-17.
Ary soraty ho amin'ny anjelin'ny fiangonana any Pergamosy: Izao no lazain'ilay manana ny sabatra roa lela maranitra: Fantatro izay onenanao, dia ao amin'ny itoeran'ny seza fiandrianan'i Satana; ary mitàna mafy ny anarako ianao ka tsy nandà ny finoana Ahy, na dia tamin'ny andron'i Antipasy martiorako aza, izay lehilahy nahatoky Ahy, dia ilay novonoina teo aminareo, teo amin'izay onenan'i Satana. Kanefa manan-teny kely aminao Aho, fa misy eo aminao izay mitàna ny fampianaran'i Balama, ilay nanome fo an'i Balaka hanisy fahatafintohinana teo anoloan'ny Zanak'Israely, hihinana hena naterina tamin'ny sampy sy hijangajanga. Ary toy izany koa, misy eo aminao izay mitàna ny fampianaran'ny Nikolaita tahaka ny an'ireny. Koa dia mibebaha; fa raha tsy izany, dia ho avy aminao faingana Aho ka hamely ireo amin'ny sabatry ny vavako. Izay manan-tsofina, aoka izy hihaino izay lazain'ny Fanahy amin'ny fiangonana. Izay maharesy dia homeko mana miafina sady homeko vato fotsy, ary eo amin'ny vato dia misy anaram-baovao voasoratra, izay tsy fantatr'olona afa-tsy izay mandray azy ihany.

PERGAMOSY.
Pergamosy (anarana fahiny) dia toerana tany Mysia, tao amin'ny distrika telo voatondraky ny renirano telo, ary ny iray amin'ireo dia mivarina any an-dranomasina. Izy dia voafaritra ho toy ny tanàna miavaka indrindra any Asia. Izany dia tanànan’ny kolontsaina izay manana ny toerana famakiam-boky faharoa aorian’i Aleksandria. Kanefa izy dia tanàna be fahotàna, manao fombam-pivavahana vetaveta amin'ny fanompoana an'i Aesculapius, izay nivavahan’izy ireo tamin'ny endriky ny bibilava velona izay mipetraka sy fahanana ao amin’ny tempoly. Ao amin'io tanàna tsara tarehy izay misy ala voatondraky ny rano io izay sady toerana fitsangatsanganana no fialan-tsasatra dia misy vondrona mpino vitsy an’isa izay tsy nadalain’ny fijejojejoana ankehitriny, ary mankahala ny fivavahana amin’i Satana izay nameno ny tao an-tanàna.

NY VANIM-POTOANA.
Ny Vanim-potoana Pergamosy dia naharitra tokony teo amin’ny 312 ka hatramin’ny 606 A.D.

NY IRAKA.
Mampiasa ny fitsipika nomen'Andriamanitra antsika amin’ny fifidianana ny iraka ho an’ny vanim-potoana tsirairay, izany hoe, mifidy ny iray isika izay ny asa fanompoany dia tena manakaiky ny an'ny anjelin’ny fiangonana voalohany dia tsy iza izany fa i Paoly, dia tsy ampisalasalana no hanambaràna fa ny iraka ho an’ny Pergamosy dia Martin. Martin dia teraka tamin'ny 315 tany Hongria. Na dia tany Frantsa aza ny asa tamin’ny andro-piainany izay nanompoany tany Frantsa tao Tours sy ny manodidina amin’ny maha eveka azy. Maty ny 399 izy. Ity olo-masina lehibe ity dia dadatoan’ilay Kristianina mahafinaritra iray hafa, dia tsy iza izany fa i St. Patrick tao Irlandy.

Martin dia niova fo ho an'i Kristy fony izy nanaraka ny asa ho toy ny miaramila matihanina. Tamin' izy mbola teo amin'io asa io no tena nisehoan'ny fahagagana iray niavaka. Voalaza ary fa nisy mpangataka iray nandry teo amoron-dàlana nisy ny toerana niasan'i Martin. Ny hatsiakan'ny ririnina dia mihoatra noho izay mety ho zakany satria zara raha nitafy izy. Tsy nisy niraharaha azy ny amin'izay mety ho nilainy, raha i Martin kosa dia tonga. Rehefa nahita ny nanjo ity lehilahy mahantra izy, kanefa tsy manana akanjo fanampiny, dia nesoriny ny akanjony ivelany (karazana palitao matevina lava fanaon'ny miaramila), nozarainy roa tamin'ny sabany, ka norakofany nanodidina ilay lehilahy matin'ny fangovitana tamin'ny hatsiaka. Nokarakarainy araka izay tsara indrindra azony natao izy ary avy eo dia notohizany ny lalany. Ny alin'iny dia niseho taminy Jesosy Tompo tao amin'ny fahitàna. Nitsangana toy ny mpangataka teo Izy nirakotra ilay antsasaky ny fitafian'i Martin. Dia niteny taminy Izy ary nilaza fa: "Na dia mbola zazavao amin'ny finoana aza Martin (katekomena) dia notafiany tamin'ity lamba ity Aho." Ary nanomboka teo dia nitady ny hanompo ny Tompo Martin tamin'ny fony rehetra. Ny fiainany dia nisehoana fahagagana nifanesisesy naneho ny herin'Andriamanitra.

Rehefa nandao ny tafika Izy ary tonga mpitarika ao amin'ny Fiangonana, dia nanohitra mafy ny fanompoan-tsampy. Ary nokapainy avokoa ny Aseraha (sary sikotra maneho andriamani-kafa), novakiany ny sary ary noravany ny alitara. Rehefa nifanehitra tamin'ireo mpanompo sampy izy noho ny asany dia vao mainka notoheriny tahaka ny nataon'i Elia tamin'ireo mpaminanin'i Bala izany. Nanaiky ny ho fatorana tamin'ny vata-kazo izy ka rehefa voakapa izany dia hanorotoro azy raha tsy miditra an-tsehatra Andriamanitra manodina ny hazo rehefa mianjera. Nofatoran'ireo tsy mataho-tody izy, teo amin'ny hazo iray naniry ampototry ny tendrombohitra, hakàna toky fa ny fsintonan'ny herin'ny tany ara-boajanahary dia hahatonga ilay hazo hianjera hanorotoro azy. Raha vao hianjera iny ilay hazo dia navilin'Andriamanitra niankina tamin'ny tendrombohitra, mifanohitra amin'ny lalàna ara-boajanahary. Ireo olon-dratsy ireo dia nandositra ary ny ankamaroan'izy ireo dia notontan'ilay hazo.

Niaiky ny mpahay tantara fa in-telo izy fara fahakeliny no nanangana olona tamin'ny maty amin' ny finoana ny Anaran'i Jesosy. Ohatra iray, nivavaka ho an'ny zaza maty iray izy. Tahaka an'i Elisa dia niampatra teo amin'ilay Zazakely izy ary nivavaka. Niverina ny ainy sy ny fahasalamany. Tamin'ny fotoana iray hafa dia nantsoina mba hanampy hanafaka rahalahy iray izy, izay nentina babo ho vonoina tamin'ny andron'ny fanenjehana lehibe. Tamin'izy tonga teo dia efa maty ilay lehilahy mahonena. Nahanton'ireo tamin'ny hazo izy. Ny vatany tsy nisy aina intsony ary ny masony nivoaka tamin'ny hodimasony. Fa Martin kosa nampidina azy, ary rehefa nivavaka izy dia velona indray ilay lehilahy ary nifaly niaraka tamin'ny fianakaviany.

Martin na oviana na oviana dia tsy matahotra fahavalo na iza izany na iza. Noho izany dia nandeha manokana tany amin'ilay amperora lozabe iray izy, ilay tompon'antoka tamin'ny famonoana olona Feno Fanahy masina maro. Ilay amperora dia tsy nanaiky ny hifanatrehana taminy, noho izany Martin dia lasa nitady ny naman'ilay amperora, i Damasosy, evekan'i Roma masiaka be. Fa ilay eveka amin'ny maha Anarana Kristianina voaloboka tsy izy azy dia tsy sahy hanao ny fanelanelanana. Niverina tany an-dapa Martin, saingy ny vavahady efa mihidy ka tsy namela azy hiditra izy ireo. Niankohoka tamin'ny tarehiny teo anatrehan'ny Tompo izy, ary nivavaka mba ho afaka miditra ao an-dapa. Nahare feo izy nilaza taminy mba hitsangana. Rehefa nanao izany izy, dia nahita ny vavahady misokatra ho azy. Nandeha niditra ny kianja izy. Ilay mpitondra ratsy fanahy tsy nety nanatrika azy mba hiresaka taminy. Nivavaka indray Martin. Tampoka teo dia nisy afo tonga tampoka avy teo amin'ny seza

fiandrianana ka niala tamin-katezerana faingana ilay amperora. Azo antoka fa ny Tompo dia mampietry ny mpiavonavona ary manandratra ny ambany.

Toy izany ny firehetan’ny fanompoany ny Tompo ka nitsangana tamin-katezerana ny devoly. Ny fahavalon'ny fahamarinana dia nanakarama mpikaraman’ady hamono an’i Martin. Tonga tamin-kafetsena tao an-tranony izy ireo, ary raha iny handeha hamono azy iny, dia nitsangana izy ary nampiseho ny sabatra teo amin’ny tendany. Rehefa nijaikojaiko nandroso ireo, ny herin'Andriamanitra dia nanipy azy ireo tampoka nakany aoriana tao an’efitra. Tena resy izy ireo tamin'izany tranga masina sy mampatahotra izany ka dia nandady tamin’ny tànany sy ny lohaliny, ary nifona tamin’ny fikasàna hamono azy.

Matetika ny olona rehefa fantatra fa ampiasain’Andriamanitra dia lasa manandra-tena amin’ny fieboeboana. Fa tsy mba toy izany tamin'i Martin. Nijanona ho ilay mpanompon’Andriamanitra manetry tena foana izy. Indray alina izy raha nanomana ny tenany hiakatra eo amin'ny polipitra, dia nisy mpangataka tonga tao amin’ny trano fianarany ary nangataka fitafiana. Martin niresaka tamin’ny diakona momba ilay mpangataka. Ilay diakona miavonavona nandidy azy mba hivoaka. Avy eo izy dia niverina tany amin’i Martin. Nitsangana Martin ka nanome ilay mpangataka ny akanjony izay tena tsara, ary nandidy ilay diakona mba hitondra akanjo iray hafa ho an’ny tenany izay tsy dia tena tsara. Tamin’izany alina izany raha nitory ny Teny Martin, ny ondrin'Andriamanitra dia nahita hazavàna fotsy malefaka nanodidina azy.

Azo antoka fa io lehilahy io dia lehibe, tena iraka ho an’izany vanim-potoana izany. Tsy maniry na inona na inona izy fa mba hampifaliany an’Andriamanitra dia niaina tamin’ny fahamasinana izy. Tsy azo noterena izy hitory fa nivavaka izy aloha, ary tao anatin’ny drafitry ny fanahy mba hahafantarana sy hizarana ny baikon’Andriamanitra feno amin’ny alalan’ny Fanahy Masina mirotsaka avy any ambony. Matetika izy no mampiandry ny olona raha mbola mivavaka ny tenany, mba ho tena azo antoka.

Ny fahafantarana ny momba an’i Martin sy ny asa fanompoana lehibe nataony dia mety mahatonga ny olona iray hieritreritra fa ny fanenjehana ny olona masina efa nihena. Tsy izany. Mbola ravan’ny devoly izy ireo amin’ny alalan'ny fitaovan’ilay ratsy. Izy ireo dia nodorana teo amin'ny tsato-kazo. Nofantsihina teo amin'ny hazo mihohoka ary ny alikadia novahana tamin’ny fatorany ho amin’izy ireo, noho izany ireo alika ireo dia nanendaka ny nofony sy ny tsinainy ka namela ireo niharan’izany ho faty tamin'ny fampijaliana feno habibiana. Ny zaza tao ambohoka dia noloharana tao an-kibon’ireo reny bevohoka ary natsipy ho lanin'ny kisoa. Ny tratran’ny vehivavy dia nohetezany hiala, ary noterena hijoro izy ireo raha ny fony dia midoboka mandraraka ny rà mivoaka mandra-pilofiny ka maty. Ary ny loza dia mbola dia ngeza noho izany ny fijerena azy rehefa tsapan’ny olona iray fa tsy asan’ny tsy mataho-tody ihany ilay izy, fa matetika dia avy amin’ireo Kristiana anarana, izay nihevitra fa izy ireo dia mampifaly an’Andriamanitra amin’ny fandringanana ireo miaramilan’ny hazo fijaliana tsy mivadika ireo izay nijoro tamin'ny Teny sy ny fankatoavana ny Fanahy Masina. Jaona 16:2, "Handroaka anareo hiala amin'ny synagoga izy ireo; eny, ho avy ny andro, izay rehetra mamono anareo dia hieritreritra fa manao fanompoana an'Andriamanitra." Matio 24:9, "Ary dia hatolony ho amin'ny fahoriana ianareo, ary dia hovonoiny ianareo, ary ho halan'ny firenena rehetra ianareo noho ny Anarako."

Tamin'ny alalan’ny famantarana sy ny fahagagana, ary tamin'ny herin'ny Fanahy, Martin dia tena voamarina toy ny iraka ho an’io vanim-potoana io. Tsy ny fanompoana lehibe ihany ny

fanomezam-pahasoavana azony, fa izy tenany mihintsy no marina mandrakariva teo amin’ny Tenin’Andriamanitra. Niady tamin’ny fikambanana izy. Nanohitra ny ota tamin'ny fitoerana avo izy. Nitrandraka ny fahamarinana amin'ny teny sy ny atao izy ary nanana fiainana feno fandresena Kristianina.

Ny mpahay tantara dia nanoratra ny momba azy toy izao. "Tsy misy mihitsy olona nahita azy tezitra, na sahiran-tsaina, na nidonam-pahoriana, na mihomehy. Izy dia iny foana ary tsy miova, ary toa zavatra mihoatra ny maha-olona, ny tarehiny dia tafian’ny karazana fifaliana selestialy. Tsy nisy na inona na inona teo amin'ny molony afa-tsy Kristy, tsy nisy na inona na inona tao am-pony afa-tsy fangoraham-po, fiadanana sy fiantrana. Matetika izy no mitomany eny fa ny fahotan’ireo ireo mpitsikera aza, izay rehefa tsy eo izy ka tsy tonga dia mamely azy amin’ny molotra vipera sy lela misy poizina. Maro no nankahala azy nohon’ny toetrany izay tsy nanan’izy ireo ary tsy afaka nalain’izy ireo tahaka izany; ary Indrisy! ny mpanenjika azy tena mangidy indrindra dia ireo eveka."

FIARAHABANA.
Apokalypsy 2:12b "Izao zavatra izao no lazain'iIlay manana ny sabatra maranitra roa ny lelany."
Ny hafatra ho an'ny vanim-potoan'ny fiangonana fahatelo dia efa akaiky hivoaka. Ny toe-javatra fahatelo amin’ny fanehoana ity tantaran’i "Kristy eo anivon'ny fiangonany ity" dia efa haseho. Amin'ny feo tahaka ny anjomara, ny Fanahy dia maneho ilay Iray Tsy Manan-tsahala, "Izay manana ny sabatra maranitra roa ny lelany!" Tena lehibe ny fahasamihafàna amin’ity famelabelarana ity raha oharina tamin'ny fotoana nanoloran’i Pilato ny Zanakondrin'Andriamanitra, nitafy akanjo lava volomparasy maneso, novelesina sy nosatrohina tsilo, nilazany hoe: "Indro ny Mpanjakanareo!" Ankehitriny, vorakotra fitafiana mpanjaka sy nosatrohina voninahitra, mijoro ilay Tompo nitsangana tamin'ny maty, “dia Kristy ilay herin'ANDRIAMANITRA.”

Amin’ireo ireo teny ireo,: “Ilay manana ny sabatra maranitra roa lela” dia mametraka fanambaràna iray hafa momba ny maha-Andriamanitra. Ao amin'ny taom-piangonana Efesosy, ho tsaroanareo, Izy dia nipetraka tahaka ilay Andriamanitra Tsy miova. Ao amin'ny taom-piangonana Smyrna no nahitantsika Azy ho toy Ilay HANY ANDRIAMANITRA MARINA ary ankoatrany dia tsy misy hafa. Ankehitriny ao amin'ity vanim-potoana Pergamosy ity dia misy koa fanambaràna lalindalina ny maha-Andriamanitra Azy, mivoaka amin’ny fifandraisany amin’ny sabatra maranitra roa lela, dia ny Tenin'Andriamanitra. Hebreo 4:12 "Fa ny Tenin'Andriamanitra dia velona sy mahery, ka maranitra noho ny sabatra roa lela, ka manindrona hatramin'ny fampisarahana ny aina sy ny fanahy, ary ny tonona sy ny tsoka, ka mahay mamantatra ny eritreritra sy ny fikasan'ny fo." Efesiana 6:17 "Ary raiso ny sabatry ny Fanahy dia ny Tenin'Andriamanitra." Apokalypsy 19:13 & 15a, "Ary Izy dia nitafy akanjo mihoson-drà; ary ny Anarany atsoina hoe Ny Tenin'Andriamanitra. Ary avy ao amin'ny vavany no ivoahan’ny sabatra maranitra roa lela." Jaona 1:1-3, "Tamin'ny voalohany ny Teny, ary ny Teny tao amin'Andriamanitra, ary ny Teny dia Andriamanitra. Izany (Teny) dia tao amin'Andriamanitra tamin'ny voalohany. Nahariana ny zavatra rehetra Izy, ary raha tsy Izy dia tsy nisy zavatra nohariana." 1Jaona 5:7, "Fa telo no manambara ny any an-danitra: ny Ray, ny Teny, ary ny Fanahy Masina, ary ireo telo ireo dia IRAY."

Ankehitriny isika dia afaka mahita ny Fifandraisany amin'ny Teny. IZY NO TENY. Izay no maha izy Azy. NY TENY AO AMIN'NY ANARANY. Ao amin'ny Jaona 1:1 izay milaza fa "Tamin'ny voalohany ny Teny," ny fototra izay ahafahantsika mandika ny hoe «Teny» dia ny

“Logos” izay midika hoe 'ny eritreritra na hevitra.' Izany dia manana dikany roa dia ny `hevitra' sy ny 'resaka' Noho izany ny `nieritreritra voalaza' dia `teny iray', 'na teny maro.' Moa ve tsy mahafinaritra sy mahavariana izany? Jaona dia nilaza fa ny hevitr’Andriamanitra dia naseho tao amin'i Jesosy. Ary i Paoly dia nilaza zavatra toy izany koa ao amin'ny Hebreo 1:1-3, "Andriamanitra, Izay tamin’ny fotoana samy hafa sy fanao samy hafa, tamin'ny andro fahiny dia niresaka tamin'ireo razambe tamin’ny alalan’ny mpaminany, dia amin'izao andro farany izao niresaka tamintsika tamin’ny alalan’ny Zanany, (Logos) izay voatendriny ho mpandova ny zavatra rehetra, ary avy amin’ny alalany ihany koa no nanorenany izao tontolo izao, Izy Ilay famirapiratan'ny voninahiny ary endriky ny Tenany izay mihazona ny zavatra rehetra amin'ny tenin’ny Heriny, rehefa Izy Tenany no nanadio ny fahotantsika, dia nipetraka eo ankavanan’ny Avo indrindra Izy. Andriamanitra dia niseho tao amin’ilay olona Jesosy Kristy. Jesosy no Sary Maneho an’Andriamanitra. Ao amin'ny Jaona 1:14 ihany, "Ary ny Teny dia tonga nofo ka nonina eto amintsika." Ilay tena maha-Andriamanitra dia tonga nofo ka nonina tety amintsika. Ilay Fanahy Lehibe, Andriamanitra Izay tsy misy olona afaka hanatona, Izay tsy nisy olona nahita na afaka ny ahita ankehitriny dia monina ao amin’ny nofo ary mipetraka ao amin'ny olona , maneho ny fahafenoan'Andriamanitra amin’ny olona. Jaona 1:18 "Tsy nisy nahita an'Andriamanitra na oviana na oviana, fa Ilay Zanakalahy Tokana, Izay ao an-tratran'ny Ray, Izy no nanambara Azy." Andriamanitra Izay tamin'ny fotoana iray dia naneho ny fanatrehany tamin'ny rahona na ny andry-afo izay nahatonga tahotra ao am-pon'ny olona; Izany Andriamanitra izany, Izay tamin’ny alalan’ny fanambaràna ny Teny avy amin’ny mpaminany ihany no ahafantarana ny toetran’ny fony, ankehitriny dia lasa Imanoela (Andriamanitra miaraka amintsika) milaza ny Tenany. Ny teny hoe ‘milaza' dia nalaina avy tamin'ny teny Grika izay matetika ny heviny handikana azy dia ‘exegesis’ izay midika hoe voazava tsara ary mampazava. Izany no nataon’ilay TENY Velona dia i Jesosy. Nentiny ho ao amintsika Andriamanitra satria Izy Andriamanitra. Nambarany tamintsika Andriamanitra tamin’ny fahazavàna tonga lafatra ka noho izany i Jaona dia afaka nilaza ny momba Azy ao amin’ny 1Jaona 1:1-3 "Izay hatramin'ny voalohany, dia izay efa renay (Logos midika hoe teny) izay efa hitan'ny masonay, izay efa nojerenay sady efa notsapain'ny tananay ny amin'ny Teny Fiainana (fa efa naseho ny fiainana, ary efa nahita izany izahay ka mijoro ho vavolombelona sy manambara aminareo ny Fiainana Mandrakizay, Izay tao amin'ny Ray ary niseho ho antsika;) Izay efa hitanay sy renay no ambaranay aminareo, mba hananareo firaisana aminay; ary ny firaisana aminay dia ao amin'ny Ray sy amin'i Jesosy Kristy Zanany." Tamin’Andriamanitra tena naseho, dia niseho teo amin'ny nofo Izy. "Izay nahita Ahy dia nahita ny Ray."

Ary miverina indray ao amin'ny Hebreo 1:1-3 dia nanao fanamarihana isika fa i Jesosy no ilay endrik'Andriamanitra. Izy no Andriamanitra milaza ny Tenany amin'ny olona samy olona. Saingy misy zavatra hafa tokony ho marihina ao amin'ireo andininy ireo, indrindra fa ny andininy voalohany sy faharoa. "Andriamanitra Izay tamin’ny fotoana samy hafa sy fomba samy hafa dia niteny tamin'ny razana fahiny tamin'ny alalan’ny mpaminany, amin'izao andro farany izao dia miresaka amintsika amin’ny alalan’ny Zanany." Tiako ho marihinareo eo amin'ny sisin’ny Baibolinareo, ho hitanareo ny fanitsiana. Ny teny hoe, ‘amin'ny alalan'ny ' dia tsy fandikan-teny tena marina. Io dia tokony ho 'AO AMIN’NY fa tsy ' amin’ny alalan’ny'. 'Izany dia mamaky marina tsara, "Andriamanitra niteny taloha tamin’ny razambe TAO AMIN’NY mpaminany tamin'ny alalan'ny Teny". 1 Samuel 3:21b, "Fa ny Tompo niseho tamin'i Samoela tao Silo avy amin'ny Tenin'ny Tompo." Izany dia mitondra tanteraka mankany amin’ny 1 Jaona 5:7, "Ny Fanahy sy ny Teny dia IRAY ihany." Jesosy nanambàra ny Ray. Ny Teny dia nanambàra ny Ray. Jesosy no ilay Teny Velona. Miderà an'Andriamanitra, mbola Izy izany Teny Velona izany amin'izao fotoana izao.

Tamin’i Jesosy tety ambonin’ny tany, dia hoy Izy hoe: "Tsy mino va ianao fa Izaho ao amin'ny Ray, ary ny Ray ato amiko? Ny teny izay lazaiko aminareo, dia tsy miteny ny Tenako Aho, fa ny Ray izay mitoetra ato amiko no manao ny asa." Jaona 14:10. Eto izany dia tena miharihary mazava tsara fa tonga lafatra ny fisehoan'Andriamanitra tao amin’ny Zanaka avy amin’ny Fanahy mitoetra ao anaty maneho amin'ny Teny sy ny asa. Izany indrindra no efa nampianarina antsika hatramin’izay. Rehefa miverina ho Teny ny ampakarina dia hanao ireo asa izay nataon’i Jesosy. Ny Teny dia Andriamanitra. Ny Fanahy dia Andriamanitra. Izy ireo dia IRAY. Ny iray tsy afaka miasa misaraka amin'ny hafa. Raha tena misy manana ny Fanahin'Andriamanitra, dia hanana ny Tenin'Andriamanitra izy.Tahaka izany ny teo amin'ny mpaminany. Nanana ny Fanahin'Andriamanitra mitoetra tao anatiny izy ireo ka dia tonga taminy ny Teny. Izany ny tamin’i Jesosy. Tao aminy ny Fanahy tsy misy fetra ka dia tonga taminy ny Teny. (Sady nanomboka niasa sy NAMPIANATRA Jesosy. Ny fampianarako dia tsy Ahy manokana, fa an'ny Ray Izay naniraka Ahy. Asan'ny Apostoly 1:1, John 7:16.)

Tsarovy ankehitriny fa i Jaona Mpanao-batisa dia sady mpaminany no mpitondra hafatra tamin'ny fotoan’androny. Izy dia feno ny Fanahy Masina hatrany an -kibon-dreniny. Ary rehefa nanao batisa tao Jordana izy, ny Tenin'Andriamanitra (Jesosy) nanatona Azy. Ny Teny mandrakariva dia tonga amin’ireo tena feno ny Fanahy. Izany no porofon’ny fahafenoan’ny Fanahy Masina. Izany no zavatra nolazain'i Jesosy fa ho porofo. Hoy izy hoe: "Ary Izaho hangataka amin'ny Ray, ary Izy no handefa ho anareo Mpanelanelana [mpiaro] (Comforter) hafa mba ho eo aminareo mandrakizay Izy. Eny Ilay Fanahin'ny fahamarinana aza, Izay tsy azon'izao tontolo izao noraisina." Ary ankehitriny isika dia mahalala ny atao hoe fahamarinana. "Ny Teninao no Fahamarinana." Jaona 17:17b. Ary mbola ao amin'ny Jaona 8:43: "Nahoana ianareo no tsy mahazo ny Teniko? Satria ianareo tsy afaka mihaino ny Teniko." Voamarikao ve fa nilaza i Jesosy fa izao tontolo izao dia tsy afaka mandray ny Fanahy Masina? Eny, ao amin'ity andininy ity dia vao avy namaky aho, tsy afaka mandray ny Teny izy ireo. Nahoana? Satria ny Fanahy sy ny Teny dia iray ihany, raha manana ny Fanahy Masina toy ny mpaminany ianao, ny Teny dia ho avy ao aminao. Hahazo izany ianao. Ao amin'ny Jaona 14:26 : "Fa ny Mpanelanelana [mpisolo vava, mpiaro], Izay ny Fanahy Masina, Izay hirahin'ny Ray amin'ny Anarako, Izy no HAMPIANATRA anareo ny zavatra rehetra, ary hahatonga ny zavatra rehetra ho tsaroanareo, dia izay nolazaiko taminareo." Eto indray no ahitantsika ny Teny tonga nohon’ny Fanahin'Andriamanitra. Ary ao amin'ny Jaona 16:13 "Fa raha tonga ny Fanahin'ny Fahamarinana (Teny), dia Izy no hitari-dalana anareo ho amin'ny marina rehetra, (ny Teninao no Fahamarinana), ary Izy tsy hilaza ny Tenany; fa izay henony (Tenin'Andriamanitra) dia izay no ho lazainy (Teny): ary Izy hanoro anareo ny zavatra ho avy." (Fanahy mitondra Teny Faminaniana). Tiako ianareo tena hanamarika tsara fa i Jesosy tsy nilaza fa ny porofon’ny batisan'ny Fanahy Masina dia miteny amin'ny fiteny tsy fantatra, mandika teny, maminany, na mikiakiaka sy mandihy. Ary hoy Izy, ny porofo dia ny hitoeranareo amin'ny FAHAMARINANA; Ho ao amin'ny Tenin'Andriamanitra ianao amin’ny vanim-potoana misy anao. Ny porofo dia tsy maintsy ny fandraisana ny Teny.

Ao amin'ny 1Korintiana 14:37, "Raha misy mihevitra ny tenany ho mpaminany, na ara-panahy, dia aoka ho fantany tsara fa ny zavatra izay soratako ho aminareo dia didy avy amin’ny Tompo." Ankehitriny ary jereo tsara. Ny porofon’ny Fanahy mitoetra ao anaty dia ny manaiky sy MANARAKA izay nomen’Andriamanitra ny mpaminany amin'ny vanim-potoanany rehefa mametraka ny fiangonana milamina izy. Paoly dia tsy maintsy nilaza tamin'ireo nilaza fa manana fanambaràna hafa, (andininy faha- 36) "Ahoana ary, nivoaka avy ao aminareo ve ny Tenin'Andriamanitra? Sa ianareo ihany nahatongavany?" Ny porofon’ny Fahafenon’ny

Fanahy ao amin’ny mpino Kristianina dia tsy ny famoahana ny fahamarinana (Teny), fa ny fandraisana ny fahamarinana (Teny), ary mino sy mankatò izany.

Efa nahatsikaritra ve ianao ao amin'ny Apokalypsy 22:17 "Ary ny Fanahy sy ny ampakarina manao hoe: Avia,-- Ary aoka izay mahare hanao hoe: Avia." Jereo ny ampakarina dia milaza ny Teny tahaka izay nataon’ny Fanahy. Izy dia ampakarina Teny, voaporofo amin’ny fananany ny Fanahy. Isaky ny vanim-potoan'ny fiangonana no handrenesantsika izany teny izany, "Izay manan-tsofina, aoka izy hihaino izay lazain'ny Fanahy amin'ny fiangonana." Ny Fanahy dia manome ny Teny. Raha manana ny Fanahy ianao dia handre ny Tenin'Andriamanitra amin’ny vanim-potoana misy anao, tahaka ireo tena Kristianina nandray ny Teny tamin’ny vanim-potoanany.

Azonao ve izany fanazavàna farany izany? Averiko indray, ny vanim-potoan'ny fiangonana tsirairay dia mifara amin’ilay fananarana. "Izay manan-tsofina, aoka izy (isam-batan’olona) hihaino izay lazain'ny Fanahy amin'ny fiangonana." Ny Fanahy no manome ny Teny. Manana ny fahamarinana ho an'ny vanim-potoana tsirairay izy. Ny vanim-potoana tsirairay dia nanana ny olom-boafidiny, ary ireo olom-boafidy ireo dia mivondrona mandrakariva: ‘nandre’ ny Teny ka nandray izany, ary voaporofo fa tao amin’izy ireo ilay Voa. Jaona 8:47, "Ary izay avy amin'Andriamanitra dia mihaino ny tenin'Andriamanitra. Noho izany dia tsy mihaino azy ianareo, satria ianareo tsy avy amin'Andriamanitra." Izy ireo dia nandà ny Teny (Jesosy) sy ny Teniny tamin’ny andron’izy ireo, fa izay tena voa nandray ny Teny satria avy amin'Andriamanitra izy ireo. "Ary ny zanakao REHETRA dia hampianarina ny momba an’Andriamanitra." (Fanahy Masina) Isaia 54:13. Hoy i Jesosy milaza zavatra tahaka izany ao amin'ny Jaona 6:45. IRAY MIARAKA AMIN'NY TENY no manaporofo raha avy an'Andriamanitra ianao ary feno ny Fanahy. Tsy misy fepetra hafa.

Fa inona moa ny fiteny samy hafa, fandikan-teny ary ny fanomezam-pahasoavana hafa? Izy ireo dia hetsika. Izany no ampianarin’ ny Tenin'Andriamanitra. Vakio izany ao amin'ny 1 Korintiana 12:7, "Fa ny FAMPISEHOANA ny Fanahy dia nomena ny tsirairay mba hahasoa." Ary eto Paoly dia manome anarana ireo hetsika ireo.

Ankehitriny ary dia tonga eto ilay fanontaniana tsara izay fantatro fa tianareo rehetra anontaniana. Nahoana ny hetsika no tsy porofon’ny batisa tamin'ny Fanahy Masina, satria azo antoka fa tsy afaka haneho ny Fanahy Masina ianao raha tsy ny feno Fanahy? Ankehitriny dia maniry aho ny mba afaka hilaza fa marina izany, satria tsy tiako ny mandratra ny fon’ny olona, na handeha amin’ny foto-pampianarany; fa tsy tena mpanompon’Andriamanitra marina aho raha tsy milaza aminareo ny torohevitr’Andriamanitra rehetra. Izany no marina, sa tsy izany? Aoka isika hanao topimaso kely amin'i Balama. Izy dia mpivavaka nanompo an’Andriamanitra. Fantany ny fomba marina hanaovana sorona sy fanantonana an’Andriamanitra. Fa saingy tsy tena Voa Marina izy raha mpaminany no resahina, satria izy nandray tamby ny tsi-fahamarinana, ary ny tena ratsy indrindra dia ny nitondrany ny vahoakan'Andriamanitra ho ao amin’ny fahotàna, dia ny fijangajangana sy ny fanompoan-tsampy. Kanefa iza no sahy milaza ka handà fa ny fisehoan’ny Fanahin'Andriamanitra taminy dia iray amin'ireo ampahany tsara indrindra amin’ny faminaniana tena marina teo izao tontolo izao? Fa tsy nanana ny Fanahy Masina izany izy. Koa ankehitriny, inona ny hevitrao momba an’i Kaiafa mpisoronabe? Milaza ny Baiboly fa naminany ny karazam-pahafatesana nandehanan’ny Tompo izy. Isika rehetra anefa dia mahafantatra fa tsy misy firaketana an-tsoratra momba azy milaza fa feno ny Fanahy izy, - na lehilahy notarihin’ny Fanahy tahaka an’ilay antitra malala Simeona na ilay olo-masina mamy antsoina hoe Ana. Kanefa izy dia tena nanana fisehoan'ny Fanahy

Masina. Tsy azontsika lavina izany. Koa aiza ny hetsika (hetsiky ny fanahy) milaza fa porofo? Tsy tao izany. Raha toa ianao ka tena feno ny Fanahin'Andriamanitra dia manana ny porofo ny Teny eo amin'ny fiainanao.

Aoka haseho aminareo ny fomba tena hahatsapako io fahamarinana io tamin'ny alalan'ny fanambaràna nomen'Andriamanitra ahy. Ary alohan'ny hilazako izany dia tiako ny milaza izao. Maro aminareo no mino Ahy ho mpaminany. Tsy milaza aho fa Izaho no Izy. Ianareo no milaza izany. Fa isika samy mahafantatra fa ny fahitàna nomen'Andriamanitra ahy dia tsy mbola nisy TSY TANTERAKA. Na INDRAY MANDEHA MONJA AZA. Raha misy olona afaka manaporofo fa efa nisy fahitàna tsy tanteraka, tiako ho fantatra ny momba izany. Ary ankehitriny dia manaraka Ahy ianareo eo amin’ny tantarako.

Taona maro lasa izay fony aho tonga voalohany namakivaky ny olon’ny Pentekotista, dia tao tamin'ny iray amin’ireo fivoriana antobin’izy ireo aho, izay betsaka ny fanehoana ny fiteny tsy fantatra, fandikana ny fiteny tsy fantatra, sy ny faminaniana. Mpitory roa no tena no mirotsaka amin'ity karazana fiteny ity izany mihoatra noho ny rahalahy hafa sasany. Tena nakafiziko tsara ilay fanompoana, ary tena liana tamin'ny fanehoana isan-karazany, satria tena hita fa misy izany. Faniriko fatratra ny hianatra izay rehetra azoko atao momba ireo fanomezam-pahasoavana ireo, ka dia nanapa-kevitra aho ny hiresaka tamin'ilay roa lahy momba izany. Amin'ny alalan'ny fanomezam-pahasoavan' Andriamanitra monina ao amiko, dia nitady ny hahafantatra ny fanahy tao amin'ilay lehilahy voalohany aho, raha tena avy amin'Andriamanitra izy na tsia. Taorian'ny resaka fohy nifanaovako tamin'io rahalahy malala io, manetry tena io, dia fantatro fa izy dia tena Kristianina mafy orina. Tena izy izy. Ilay tovolahy manaraka dia tsy mba tahaka ity voalohany ity. Izy mpirehareha sy mpiavonavona, Ary raha niresaka taminy aho dia nisy fahitàna niampita ny masoko, ka hitako fa efa nanambady ramatoa mavo volo izy, fa miara-ipetraka amin'ny vehivavy menavolo, ary roa anaka. Raha mbola misy koa mpihatsaravelatsihy, dia iray amin’ireo izy.

Aoka aho hilaza aminareo, tohina aho. Nahoana aho no tsy ho tohina? Teto dia nisy lehilahy roa, ny iray izay tena mpino, ary ny anankiray dia mpanota mpaka-tahaka. NEFA IZY ROA SAMY NANEHO FANOMEZAM-PAHASOAVAN'NY FANAHY. Sahiran-tsaina aho noho ny amin’izany. Nandao ny fivoriana aho mba hitady valiny amin'Andriamanitra. Tsy nahalala ny andinin-Tsoratra Masina ho vakiana, dia nosokafako ny Baiboly tao amin’ny Matio. Namaky kely teo aho dia napetrako ny Baiboly. Tampoka teo dia nisy rivotra nitsoka tao an-trano ary namadika ny pejy tao amin'ny Baiboly ho ao amin’ny Hebreo, toko faha-enina. Namaky azy manontolo aho ary gaga indrindra noho ireo andininy hafahafa, Hebreo 6:4-9, "Fa ireo izay efa nohazavaina indray mandeha sady efa nanandrana ny fanomezana avy any an-danitra, sy efa nandray anjara tamin’ny Fanahy Masina, ary efa nanandrana ny Teny tsaran'Andriamanitra sy ny herin'ny fiainana ho avy, dia tsy mety raha nihemotra, satria ny hanavao azy ireo indray ho amin'ny fibebahana dia ny famantsihan’izy ireo manokana amin’ny hazo fijaliana indray ny Zanak'Andriamanitra, ka mametraka Azy ho fahamenarana miharihary. Fa ny tany izay mifoka ny ranonorana avy matetika eo aminy, ary mamoa anana sahaza ho an’ireo izay niasa izany, dia mahazo fitahiana avy amin'Andriamanitra; fa izay maniry tsilo sy songosongo kosa dia lavina sady akaikin'ny ozona, ary ny hiafarany dia ho dorana. Ry malala, izahay dia manantena zavatra tsara ny aminareo, dia zavatra manaraka ny famonjena, na dia miteny tahaka izany aza izahay."

Nakatoko ny Baiboly, napetrako teo, ary dia nisaintsaina nandritra ny fotoana fohy aho sy nivavaka bebe kokoa. Mbola tsy nahazo valiny aho. Nanokatra ny Baiboly an-jambany indray

aho fa tsy namaky. Tampoka teo ny rivotra dia nitsoka tao an-trano indray, ary mbola nivadika tao amin’ny Hebreo 6 indray ilay pejy ary nijanona teo ka nitsahatra ilay rivotra. Namaky ireo teny ireo indray aho, ary raha nataoko izany, dia tonga tao an’efitra ny Fanahin'Andriamanitra, ary nahita fahitana aho. Hitako tao amin'ny fahitana ny lehilahy iray nitafy akanjo madio fotsy izay nivoaka nankany amin'ny saha vao avy nasàna sy namafazana voa. Mazava be ny andro tamin’izay, ary ny famafazana dia vita tamin'ny maraina. Fa tamin'ny alina efa maizina rehefa lasa ilay mpamafy nitafy fotsy, dia nisy lehilahy nanao akanjo mainty tonga nangalatra namafy voa maromaro teny aminireo nafafin’ilay lehilahy nanao akanjo fotsy. Nandeha ny andro -- ny masoandro sy ny orana nitso-drano ny tany; ary indray andro niseho ny voa.Tena tsara dia tsara izany. Fa andro iray taty aoriana ny tsimparifary dia nipoitra. Ny vary sy ny tsimparifary dia niara-naniry. Izy ireo dia samy nihinana sakafo mitovy avy amin'ny tany iray ihany. Nigoka avy amin 'ny masoandro sy ny orana iray ihany izy ireo.

Indray andro ny lanitra dia lasa toa varahina, ary ny zavamaniry rehetra nanomboka nitolefika ka maty. Dia reko ny vary nanandratra ny lohany ka nitaraina tamin'Andriamanitra mba hilatsahan’nyorana. Ary ny ahi-dratsy koa nanandratra ny feony sy niangavy ny ranonorana. Nony avy eo dia niha-maizina ny lanitra ary nilatsaka ny orana, ary ny vary izay feno hery dia nanandratra ny feony ka niantso tamin'ny fitsaohana, "Deraina ny Tompo". Ary akory ny hagagako, fa henoko koa ny tsimparifary velona indray sady nijery ambony nanao hoe "Haleloia!".

Teo dia fantatro ny marina momba ilay fivoriana tao amin’ny toby sy ilay fahitàna. Ny fanoharana momba ny Mpamafy sy ny Voa, ny toko fahenina ao amin’ny Hebreo, ary ny fisehoana miharihary ny Fanomezam-pahasoavanan’ny Fanahy eo amin'ny mpanatrika samy hafa -- izany rehetra izany dia lasa mazava sy mahatalanjona. Ny mpamafy nitafy fotsy dia ny Tompo. Ny mpamafy nitafy mainty ny devoly. Izao tontolo izao no saha. Ny voa dia olona, olom-boafidy sy ny olona nolavina. Izy roa samy nihinana sakafo iray ihany, rano sy masoandro. Samy nivavaka izy roa. Izy roa samy nahazo fanampiana avy amin'Andriamanitra, satria Izy manao ny masoandro sy ny orana ho an’ny tsara sy ny ratsy. Ary na dia samy nanana fitahiana mahagaga aza izy roa, ary samy nanana ny fanehoana mahafinaritra ihany koa, DIA MBOLA NISY IHANY ILAY FAHA-SAMIHAFÀNA LEHIBE SAMY HAFA, SAMY HAFA NY VOA NIAVIAN’IZY IREO.

Eto koa dia mivaly ny Matio 7: 21-23 "Tsy izay rehetra manao amiko hoe: Tompoko, Tompoko, no hiditra amin'ny fanjakan'ny lanitra; fa izay manao ny sitrapon'ny Raiko Izay any an-danitra. Maro no hilaza ho amiko amin'izany andro izany hoe: Tompoko, Tompoko, tsy efa naminany tamin'ny Anaranao va izahay? ary tamin' ny Anaranao no namoaka demonia? ary tamin'ny Anaranao nanao asa lehibe maro? ary dia hambarako aminy marimarina hoe: tsy mbola nahafantatra anareo mihitsy Aho; mialà Amiko, ianareo izay mpanao meloka." Jesosy tsy mandà fa nanao asa lehibe izy ireo, izay ny Fanahy Masina ihany no afaka manatanteraka izany eo amin'ny olona. Kanefa Izy nandà fa tsy mahalala azy ireo na oviana na oviana. Ireo dia tsy ireo niverin-dàlana. Ireo dia ratsy fanahy, mafy hatoka, mpikomy. Ireo no taranak'i Satana.

Ary izay ilay izy. TSY AFAKA milaza ianao fa ny fihetsehana dia ny porofo ny maha ateraky ny Fanahy sy fenon’ny Fanahy. Tsia tompoko. Miaiky aho fa ny tena fisehoana marina dia porofon’ny Fanahy Masina manao asa lehibe, fa TSY porofon'ny olona iray fenon’ny Fanahy, na dia maro aza ny fanehoana ao amin’ilay olona.

Ny porofon’ ny fandraisana ny Fanahy Masina amin'izao fotoana izao dia mitovy tahaka ny tamin'ny andron’ny Tompontsika. Izany dia mandray ny Teny fahamarinana amin'ny andro izay ahavelomanao. Jesosy tsy nanamafy na oviana na oviana ny maha zava-dehibe ny Asa tahaka ny nataony tamin’ny Teny. Fantany fa raha mahazo ny TENY ny olona dia hanaraka ny asa. Izany ny Baiboly.

Ary Jesosy nahalala fa hisy fialàna lehibe amin’ny Teny ao amin'ny Taom-piangonana Pergamosy na dia mbola roan-jato taona miala amin'ny fahitàna tao Patmo aza izany. Fantany fa izany fialàna izany dia hahatonga azy ireo ho any amin’ny Vanim-potoanan’ny Fahamaizinana. Fantany fa ny fomba nialan’ny olona voalohany tamin'Andriamanitra tany am-piandohana dia ny fialàna tamin’ny Teny. Raha hialanao ny Teny dia efa nialanao Andriamanitra. Noho izany Izy dia maneho ny Tenany ao amin’ny fiangonana tany Pergamosy, eny amin’ny fiangonana amin’ny vanim-potoana rehetra, "Izaho no Teny. Raha tianareo Ny maha Andrimanitra (Déité) ho eo anivonareo, dia ampidiro sy raiso ny Teny. Aza avela hisy olona na zavatra hiditra eo anelanelanareo sy izany Teny izany. Izao omeko anareo izao (ny Teny) dia fanambaràna avy Amiko. IZAHO NY TENY. Tsarovy izany!"

Manontany tena aho raha toa ka ampy handresy lahatra antsika ny Teny eo anivontsika. Mamelà ahy hanome anareo hevitra eto. Ahoana ny fomba hivavahantsika? Mivavaka amin’ny Anaran’i Jesosy isika, sa tsy izany? Ny vavaka rehetra atao amin’ny Anarany raha tsy izany dia tsy misy valiny. Kanefa ao amin’ny 1 Jaona 5:14 dia ambara amintsika, "Izao no fahasahiana ananantsika ao Aminy, fa raha mangataka zavatra araka ny sitrapony isika, dia mihaino antsika Izy; ary raha fantatsika fa mihaino antsika Izy, na inona na inona angatahintsika, dia fantatsika fa azontsika ny fitarainana izay nangatahintsika Taminy." Ankehitriny dia manontany isika hoe: "Inona no sitrapon'Andriamanitra?" Tsy misy afa-tsy lalana IRAY IHANY no hahafantarana ny Sitrapony ary izany dia amin’ny alalan’ny TENIN'ANDRIAMANITRA. Fitomaniana 3:37, "Iza moa no nilaza, ka nitranga izany kanefa ny Tompo tsy nandidy izany?" Izay ilay izy. Raha tsy ao amin'ny Teny dia tsy afaka hahazo izany ianao. Noho izany dia tsy afaka mangataka isika raha tsy ny ao amin'ny Teny, ary tsy afaka mangataka ianao na manontany raha tsy amin’ny Anarany. Izay indray ilay izy. JESOSY (ilay Anarana) no (ho) TENY. Tsy afaka manasaraka an'Andriamanitra sy ny Teny ianao. IRAY izy ireo.

Koa ankehitriny, io Teny Izay navelany eo amin'ny pejy vita pirinty io dia manana anjara Aminy rehefa manaiky izany amin'ny finoana ianao, ho amin'ny fiainana feno ny Fanahy-. Nilaza Izy fa ny Teniny dia fiainana. Jaona 6:63b. Fa izany indrindra no maha izy Azy: Jaona 14:6, "Izaho no Lalana sy Fahamarinana ary Fiainana." Romana 8:9b "Raha misy kosa tsy manana ny Fanahin'i Kristy dia tsy Azy izy." Eo izany ilay izy, Izy dia Fanahy, ary Izy no Fiainana. Izany mihitsy ny Teny; izany indrindra i Jesosy. Izy no Teny. Noho izany, rehefa ateraka sy feno ny Fanahy ny olona iray ao amin’ny finoana, ka mandray izany Teny izany ao am-pony ary mametraka izany eo amin’ny molony, tsy mahagaga raha mitovy amin’Andriamanitra miresaka izy. Ny tendrombohitra rehetra tsy maintsy handeha. Satana tsy hahajanona eo anoloan'izany olona izany.

Raha toa ny Fiangonana tany aloha tany, tao amin'ny taom-piangonana fahatelo ka nihazona ny ny fanambaràna ny Teny velona teo aminy, ny herin 'Andriamanitra dia tsy mba nihena toy ny nataony tamin'ireo Vanim-potoana Maizina. Ary amin'izao andro izao, rehefa miverina ao amin’ny Teny amin 'ny finoana ny fiangonana, dia afaka milaza tsy ampisalasalana isika fa ny voninahitr'Andriamanitra sy ny asa mahagagan'Andriamanitra dia ho ao anivony indray.

Indray alina aho raha nitady ny Tompo, ny Fanahy Masina nilaza tamiko mba haka penina sy hanoratra. Raha vao handray ny penina aho mba hanoratra dia nanome hafatra ahy ny Fanahiny ho an'ny fiangonana. Te-hitondra azy aminareo... Misy ifandraisany amin'ny Teny sy ny ampakarina izany.

"Ity no zavatra tiako holazaina aminareo. Ny lalànan'ny fananahana dia ny karazan'ny tsirairay miteraka araka ny karazany ihany, ny Genesisy 1:11 dia milaza toy izao,"Ary Andriamanitra nanao hoe: Aoka ny tany haniry ahitra, ary zava-maniry manintsam-boa, sy ny hazo misy voankazo araka ny karazany avy, izay ny voany dia ao aminy, eny ambonin'ny tany; dia nisy izany." Na inona na inona fiainana tao amin'ilay voa dia lasa zavamaniry ary avy eo voankazo. Izany lalàna iray izany dia mihatra amin'ny fiangonana amin'izao fotoana izao. Na inona na inona voa nanombohan'ny fiangonana dia hivoaka tahaka ny voa tany am-boalohany, satria voa iray ihany izany. Amin'izao andro farany izao ny Fiangonana Ampakarina tena marina (taranak'i Kristy) dia ho tonga ao amin'ny Vato Fehizoro, ary izy no ho faran'izay fiangonana tsara, faran'izay tsara firazanana, satria manakaiky Azy izy. Ireo izay ao amin'ny ampakarina dia hitovy Aminy fatratra, ary izy ireo dia ho tena ny Endriny. Izany dia mba hikambanany Aminy. Ho iray izy ireo. Izy ireo dia ho tena fanehoana ny Tenin'Andriamanitra velona. Ny antokom-pivavahana tsy afaka mamokatra tahaka izany (voa tsy izy).Izy ireo dia hamokatra ny fanekem-pinoany sy ny foto-pinoana mifangaro amin'ny Teny. Izany fifangaroana izany dia mamoaka vokatra safiotra.

Ny zanaka voalohany (Adama) dia ilay voa-Tenin'Andriamanitra notenenina. Izy dia nomena vady mba ahafahany miteraka. Izay no antony nanomezana vady azy, mba ahafahany miteraka; mba hiteraka zanak'Andriamanitra iray hafa. Fa lavo ravehivavy. Lavo tamin'ny fampifangaroana taranaka izy. Nahatonga an-dralehilahy ho faty izy. Ny Zanaka faharoa (Jesosy) ihany koa dia Voa-Tenin'Andriamanitra notenenina ary nomena ampakarina tahaka an'i Adama. Fa alohan'ny hampakarany azy, ravehivavy koa dia lavo. Ravehivavy tahaka ny vadin'i Adama, dia nosedraina na hino ny Tenin'Andriamanitra mba ho velona, na tsy mino ny Teny ka ho faty. Niahanahana izy. Nialany ny Teny. Maty izy.

Avy amin'ny vondrona kely izay tena taranaky ny Teny, Andriamanitra dia hanolotra an'i Kristy amin'ny malala ampakarina. Izy no virijina avy amin'ny Teniny. Izy dia ny virijina satria tsy mahalala fanekem-pinoana na ny foto-pinoana nataon'ny olona. Ombieny ombieny, dia ho tanteraka ao amin'ny mpikambana ampakarina izay rehetra nampanantenain'Andriamanitra fa haseho ao amin'ny virjiny.

Ny teny fikasana dia tonga tamin'i Maria virjiny. Fa izany Teny fikasana izany dia Izy, ny Tenany mba haseho. Andriamanitra dia naseho. Izy Tenany no nanao izany tamin'izany fotoana izany ka nanantanteraka ny Teny fampanantenany tao amin'ny virjiny. Anjely no nitondra ny hafatra ho azy. Fa ny hafatry ny anjely dia ny Tenin'Andriamanitra. Isaia 9:6. Notanterahiny tamin'izany fotoana izany izay rehetra voasoratra momba Azy satria ravehivavy nanaiky ny Teniny.

Ny mpikambana ao amin'ny virjiny ampakarina ho tia Azy, ary izy ireo dia hanana ny fahaizany, satria Izy no mpitarika an'izy ireo, ary ny hery rehetra dia Azy. Izy ireo manaiky Azy tahaka ny ratsambatana ao amin'ny vatantsika dia manaiky ny saintsika.

Mariho ny fifanarahan'ny Ray sy ny Zanaka. Jesosy tsy nanao na inona na inona raha tsy ny

Ray no maneho Azy aloha. Jaona 5:19. Izany rindran-damina izany ankehitriny dia tsy maintsy misy eo amin'ny Mpampakatra sy ny Ampakarina. Nasehony azy ny Teny Fiainana.Noraisiny izany. Tsy nisalasala ny amin'izany na oviana na oviana izy. Noho izany dia tsy misy afaka hanisy ratsy azy, na dia ny fahafatesana aza. Fa raha nambolena ny voa, ny rano dia hampitraka izany indray. Izao ny zava-miafina ny amin'izany. Ny Teny dia ao amin ny ampakarina (tahaka ny tamin'i Maria). Ny ampakarina dia manana ny sain'i Kristy satria fantany izay Tiany atao amin'ny Teny. Manantanteraka izay baikon'ny Teny amin'ny Anarany izy satria izy manana ilay hoe: "Izao no lazain'ny Tompo." Ary avy eo ny Teny velomin'ny fanahy, ary dia tanteraka izany.Toy ny voa izay nambolena sy voatondraka, ary dia tonga feno vokatra araka izay ilàna azy.

Ireo izay ao amin'ny ampakarina tsy manao afa-tsy ny Sitrapony. Tsy misy olona afaka mampanao azy ireo zavatra hafa. Izy ireo dia manana ilay hoe: "Izao no lazain'ny Tompo", na mangina izy. Fantatr'izy ireo fa tsy maintsy Andriamanitra ao aminy no manao ny asa, manantanteraka ny Teniny. Mbola tsy vitany tanteraka ny Asany rehetra tamin'ny fanompoany tety an-tany, noho izany ankehitriny dia miasa ao sy amin'ny alalan'ny ampakarina Izy. Fantatry ny ampakarina izany, satria tamin'izany dia mbola tsy fotoana nanaovany ny zavatra sasany izay tsy maintsy ataony amin'izao fotoana izao tamin'izany. Fa Izy dia hanantanteraka ankehitriny amin'ny alalan'ny ampakarina izany asa izany, izay Navelany ho amin'io fotoana manokana io.

Ary aoka isika hitsangana tahaka an'i Josoa sy Kaleba. Ny tany nampanantenaina ho antsika dia tazana tahaka ny azy ireo. Ary ny Josoa dia midika hoe "Jehova-Mpamonjy", ary izy dia maneho ny mpitarika amin'ny andro farany-- mpitarika izay ho tonga ao am-piangonana, tahaka an' i Paoly tonga tahaka ny mpitarika voalohany. Kaleba dia maneho ireo izay nijanona niaraka tamin'i Josoa. Tadidio, Israely dia natombok'Andriamanitra toy ny virijina miaraka amin'ny Teniny. Fa izy ireo dia nitady zavatra hafa. Toy izany koa ny fiangonana amin'ny andro farany. Mariho fa tsy nafindran'Andriamanitra Israely, na navelany handeha ho any amin'ny tany nampanantenaina mandra-pahatongan'ny fotoana voatendriny manokana. Ary ny olona mety nanery an'i Josoa, ny mpitarika, ka nanao hoe: "Ny tany dia antsika, aoka isika handeha haka izany. Josoa, vita ny momba anao,tsy maintsy efa tapitra ny asa fanompoanao, tsy ananao intsony ny herinao taloha. Ianao zatra mihaino avy amin'Andriamanitra ary mahafantatra ny sitrapon'Andriamanitra, ka manao zavatra haingana. Misy zavatra tsy mety aminao." Fa Josoa dia mpaminany nalefan'Andriamanitra ka fantany ny teny fikasan'Andriamanitra, ka niandry an'izany izy. Niandry fanapahan-kevitra hentitra izy avy amin'Andriamanitra, ny amin'ny fotoana hifindrana, Andriamanitra nametraka ny fitarihana feno teo am-pelatanan'i Josoa satria izy nitoetra tamin'ny Teny. Andriamanitra afaka nahatoky an'i Josoa fa tsy ny olon-kafa. Ary izany dia hiverina amin'izao andro farany izao. Olana mitovy, fanerena mitovy.

Raiso ny ohatra hitantsika ao amin'ny Mosesy. Izany mpaminanin'Andriamanitra voahosotra mahery izany dia teraka tamin'ny fomba hafahafa, teraka tamin'ny fotoana mahamety ho an'ny fanafahana ny taranak'i Abrahama avy tany Ejypta. Tsy nitoetra tany Ejypta na oviana na oviana izy mba hiady hevitra ny amin'ny Soratra Masina amin'izy ireo, na hifanditra amin'ny mpisorona. Nandeha tany an'efitra izy mandrapaha-vonona ny olona handray azy. Andriamanitra niantso an'i Mosesy ho any an-efitra. Ny fiandrasana dia tsy niankina tamin'i Mosesy, fa noho ireo olona izay tsy vonona ny handray azy. Nihevitra Mosesy fa ho takatry ny olona izany, saingy tsia.

Ary teo koa Elia, izay ny Tenin'i Jehovah dia tonga taminy. Rehefa tonga tamin'ny fitoriana ny fahamarinana izy, ary ireo vondrona etsy afara izay mpialoha lalana ny vondrona Jezebela Amerikana tsy nety nandray ny Teny, nesorin'Andriamanitra teo amin'ny sehatra izy ary namely izany taranaka izany nohon'ny fandavany ny mpaminany sy ny hafatra nomen'Andriamanitra. Andriamanitra niantso azy ho any an-tany efitra ary tsy nety nivoaka izy na dia ho an'ny mpanjaka aza. Ireo izay nitady handresy lahatra azy hanao izany, dia maty. Fa Andriamanitra niteny tamin'ilay mpaminaniny mahatoky tao amin 'ny fahitàna. Tao amin'ny fiafenana dia nivoaka izy ary nitondra indray ny Teny ho an'Israely.

Dia tonga Jaona Mpanao batisa avy eo,ilay mpialoha lalana an'i Kristy mahatoky, mpaminany mahery tamin'ny androny. Tsy nandeha tany amin'ny sekolin'ny rainy izy, na ny sekolin'ny Fariseo-tsy nandeha tany amin'ny antokom-piangonana izy, fa tany an'efitra izay niantsoan'Andriamanitra azy. Tany izy no nitoetra mandra-paniraky ny Tompo azy miaraka amin'ny hafatra miantso mafy manao hoe: "Ny Mesia dia akaiky."

Andeha isika handray fampitandremana ara-Soratra Masina eto. Moa tsy tamin'ny andron'i Mosesy va, izay efa nohamarinin'Andriamanitra no nitsangana Kora ka nanohitra izany mpaminany mahery izany? Niady hevitra tamin'i Mosesy izy, ary nilaza fa izy koa manana betsaka avy amin'Andriamanitra mba hitarika ny olona, ary ny olon-kafa koa mandray anjara amin'ny fanambaràna ny Masina toy ny nataon'i Mosesy. Nolaviny ny fahefana nananan'i Mosesy. Ary ny olona tamin'izany, rehefa avy nandre ny Teny marina ary nahalala tsara ny zava-misy fa ny tena mpaminany dia voamarin'Andriamanitra, lazaiko aminareo fa ireo olona ireo dia niandany tamin'ny Kora sy ny fandavany ankitsirano. Kora dia tsy mpaminany ao amin'ny Soratra Masina kanefa ireo olona maro sy ny mpitarika azy ireo dia nanaraka azy. Izany dia tahaka ny evanjelistra amin'izao fotoana izao miaraka amin'ny tetik'ady ombilahy kely volamena toa an'i Kora. Tsara ny fijerin'ny olona azy ireo, sahala amin'i Kora koa dia tsara jerena. Misy rà eo amin'ny handriny, misy menaka ny tànany ary baolina afo eo amin'ny lampihazo. Mamela ny vehivavy hitoriteny izy ireo, mamela ny vehivavy hanapaka ny volony, manao pataloha sy tapaka pataloha tena fohy (short), ary hodian-tsy hita ny Tenin'Andriamanitra noho ny fanekem-pinoana sy ny foto-pinoana (dogme). Izany dia maneho ny karazana voa ao amin'izy ireo. Fa tsy ny olona rehetra no nihodina tamin'i Mosesy ka nandao ny Tenin'Andriamanitra. Tsia. Ny olom-boafidy nitoetra teo aminy. Toy izany ihany no mitranga amin'izao andro izao. Maro no mandao ny Teny fa ny sasany mitoetra miaraka aminy. Fa tsarovy ny fanoharana momba ny vary sy ny tsimparifary. Ny tsimparifary tsy maintsy nafatotra ho amboara mba ho dorana. Ireo fiangonana mpivadi-pinoana ireo dia miha-mifamatotra akaiky kokoa, mifanantona hikambana, vonona ny amin'ny afon'ny fitsaran'Andriamanitra. Fa ny vary dia hangonina ho any amin'ny Tompo.

Ankehitriny dia tiako ianareo mba ho malina tsara eto, ka hijery an'izao. Andriamanitra dia nampanantena fa amin'ny andro farany Malakia 4 dia ho tanteraka. (ny baiboly gasy mitambatra ao @ Malakia3) Tsy maintsy satria io dia Fanahy velon'ny Tenin'Andriamanitra nolazain'ny mpaminany Malakia. Jesosy niresaka momba azy io. Izany dia aloha kelin'ny hiavian'i Kristy fanindroany. Amin'ny fotoana ahatongavan'i Jesosy, ny Soratra Masina rehetra dia tsy maintsy ho tanteraka. Ny fahafahan'ny Jentilisa dia amin'ny vanim-potoanan'ny fiangonana farany, rehefa tonga ny mpitondra hafatry ny Malakia. Izy dia mahitsy ao amin'ny Teny. Haka ny Baiboly iray manontolo izy avy amin'ny Genesisy ka hatramin'ny Apokalypsy. Hanomboka amin'ny taranaky ny menarana izy ka hanohy hatrany amin'ny fara-orana. Fa holavin'ny antoko-piangonana izy.

Tsy maintsy ho izany izy, satria tantara miverimberina izany nanomboka tamin'ny andron'i Ahaba. Ny tantaran'ny Isiraely teo ambanin'i Ahaba dia mitranga eto Amerika izay nipoiran'ny mpaminan'ny Malakia. Rehefa nandao an'i Egypta ny Israely mba hivavaka amin'ny fahafahana, dia nanosika ny tompon-tany ary nanangana firenena manana mpitarika lehibe toy ny an'i Davida sns,… ary avy eo dia nametraka an'i Ahaba teo amin'ny seza fiandrianana miaraka amin'ny Jezebela tao aoriany nitarika azy, nataontsika ny tena mitovy amin'izany teto Amerika. Ny razantsika tonga tamin' ity tany ity mba hivavaka sy hiaina amin'ny fahafahana. Natosik'izy ireo ny tompon-tany ka nalainy ny tany. Lehilahy mahery tahaka an'i Washington sy Lincoln no natsangana fa rehefa avy eo olona hafa tsy dia manao ahoana no nandimby ireo lehilahy mendrika ireo, ary tsy ho ela ny Ahaba dia napetraka tao amin'ny sezan'ny filoham-pirenena miaraka amin'ny Jezebela ao aoriany mba hitarika azy. Amin'ny fotoana toy izany no tsy maintsy ahatongavan'ny mpitondra hafatry ny Malakia. Noho izany amin'ny fara-orana dia ho avy eo amin'ny Tendrombohitra Karmela ny fifandonana. Araho tsara akaiky izao mba ahitanao izany ao amin'ny Teny. Jaona no mpialoha lalana ny Malakia 3. Izy no namboly ny loha-orana sy nolavin'ny ny fikambanana tamin'ny androny. Dia tonga Jesosy ka nanana fanehoana teo amin'ny Tendrombohitra Fiovan-tarehy. Ny mpialoha lalana an'i Kristy faharoa dia hamafy ny fara-orana. I Jesosy no mpifanandrina eo amin'ny anaram-piangonana sy ny fanekem-pinoana, fa ho avy Izy hiaro ny Teniny ary haka ny Ampakariny ho amin'ny fisandratana. Ny fifandonana voalohany dia ny Tendrombohitra Karmela; ny faharoa dia ny Tendrombohitra Fiovan-tarehy, ary ny fahatelo dia ny Tendrombohitra Ziona.

Ny fitondran-tena hafahafa nananan'i Mosesy, Elia, ary Jaona izay nisitahan'izy ireo tamin'ny olona mba hitokana dia mampametra-panontaniana ny maro. Tsy tonga saina izy ireo fa ny hafatra nentiny dia nolavina. Fa ny voa efa nafafy, ny fambolena efa vita. Fitsarana no nanaraka. Efa nanompo araka ny tanjony izy ireo ho famantarana ho an'ny olona, ka dia fitsarana no manaraka.

Mino aho fa araka ny Apokalypsy 13:16, ny ampakarina dia tsy maintsy hijanona hitory satria ny bibidia mitaky marika eo amin'ny handrina na amin'ny tànana rehefa azo ny fahazoan-dalana hitory. Ny anaram-piangonana (antoko-pinoana) dia handray ny marika na ho voatery hiala amin'ny fitoriana. Amin'izany ny Zanak'ondry ho avy an'ny ampakarina sy hitsara ilay mpivaro-tena lehibe.

Ary tsarovy fa teraka i Mosesy hanao asa, nefa tsy afaka nanao izany asa izany izy raha tsy nandray ny fanomezam-pahasoavana nahafahany nanao izany. Tsy maintsy nivoaka tany an'efitra izy ary niandry tany; Andriamanitra dia nanana fotoana voatondro. Tsy maintsy nisy Farao teo ambonin'ny seza fiandrianana, ary ny vahoaka tsy maintsy nitaraina ny amin'ny mofon'ny fiainana, alohan'ny nandefasan'Andriamanitra azy niverina. Marina izany ho an'ny androntsika.

Inona anefa no ananantsika amin'izao androntsika izao? Maro be ireo manao famantarana mandra-pahatongatsika manana taranaka mitady famantarana izay tsy mahalala na inona na inona momba ny Teny, na ny tena hetsiky ny Fanahin'Andriamanitra. Rehefa mahita rà, menaka sy afo izy ireo dia sambatra ery; tsy ilainy akory izay ao amin'ny Teny. Izay mety ho famantarana dia tohanan'izy ireo, na dia ireo tsy araka ny Soratra Masina aza. Fa Andriamanitra efa nampitandrina antsika ny amin'izany. Hoy izy ao amin'ny Matio 24, amin'ny andro farany ny fanahy roa dia tena hifanakaiky ka izay tena olom-boafidy ihany no afaka hanavaka izany, satria izy ireo ihany no tsy ho voafitaka.

Ahoana no ahafahanao manavaka ny fanahy? Omeo azy ireo fotsiny ny Teny fitsapana. Raha tsy miteny izany Teny izany izy ireo, dia avy amin'ny ratsy. Raha nofitahan'ilay ratsy ny ampakarina roa voalohany, dia hiezaka ny hamitaka ny ampakarina amin'ity andro farany ity koa izy, amin'ny alalan'ny fiezahany mampiditra azy ao amin'ny fanekem-pinoana mba hanovàny ny tenany, na miala tsotra izao amin'ny Teny amin'ny famantarana izay mety aminy. Fa Andriamanitra tsy nametraka famantarana mialoha ny Teny. Ny famantarana dia manaraka ny Teny, tahaka an' i Elia nilaza tamin'ilay vehivavy mba hanendy mofo ho azy aloha, araka ny tenin'i Jehovah. Rehefa nanao arak'izay voalazan'ny Teny izay izy dia tonga ny tena famantarana. Tongava ao amin'ny Teny aloha ary avy eo dia jereo ny fahagagana. Ny voa Teny dia ny Fanahy no manome hery azy.

Nahoana no iraka avy amin'Andriamanitra no ampahan'ny Teny ihany no hinoany fa laviny ny sasany? Ny tena mpaminanin'Andriamanitra amin'izao andro farany izao dia manambara ny Teny manontolo. Ny antokom-pivavahana dia hankahala azy. Ny teniny dia ho henjana tahaka ny an'i Jaona Mpanao batisa, izay nanao azy ireo hoe menarana. Fa ireo voafidy mialoha dia handre ary ho vonona amin'ny fampakarana. Ny Taranak'i Abrahama izay Mpanjaka, izay manana finoana tahaka an'i Abrahama dia hihazona ny Teny ao aminy, satria izy ireo no efa nofidina mialoha miaraka.

Ny mpitondra hafatra ny andro farany dia hipoitra ao amin'ny fotoana voatondron'Andriamanitra. Izao no fotoana farany, ary ny rehetra mahalala izany, fa Israely dia ao an-tanindrazany. Manomboka amin'izao fotoana izao dia ho tonga araka ny voasoratra ao amin'ny Malakia izy. Rehefa mahita azy isika, izy dia hanolo-tena tanteraka ho amin'ny Teny. Izy dia ho hita (voamarika ao amin'ny Teny. Apokalypsy 10:7.) Ary Andriamanitra dia hanamarina ny asa fanompoany. Hitory ny fahamarinana toy ny nataon'i Elia izy, ary ho vonona ho amin'ny fifanandrinana ao an-Tendrombohitra Ziona.

Maro no ho diso fandray azy satria ireo dia nampianarina ny Soratra Masina tamin'ny fomba anankiray hafa izay heveriny fa marina. Ary rehefa tonga manohitra izany izy, dia tsy hino izy ireo. Eny fa na dia ireo tena mpanompo sasany tena marina aza dia ho diso fandray ny iraka, satria be loatra ny nantsoina hoe fahamarinan'Andriamanitra tamin'ny alalan'ireo mpamitaka ireo.

Fa izany mpaminany izany dia ho avy, tahaka ilay mpialoha làlana tamin'ny fahatongavany voalohany izay niantsoantso mafy hoe "Indro ny Zanak'Ondrin'Andriamanitra, Izay manaisotra ny fahotan'izao tontolo izao," dia tahaka izany ihany no azo antoka fa ho ataony: "Indro ny Zanak'Ondrin'Andriamanitra tonga amin'ny voninahitra." Ho ataony izany, eny fa na dia iraka ny fahamarinana aza Jaona ho an'ny olom-boafidy, dia toy izany koa ity iray ity, ilay iraka farany ho an'ny olom-boafidy sy ny ampakarina teraka avy amin'ny Teny."

KRISTY MANOME LAZA NY FIANGONANA.
Apokalypsy 2:13 "Fantatro ny asanao, ary Ao amin'izay onenanao, eny izay hitoeran'i Satana: ary ianao mifikitra mafy amin'ny Anarako, ary tsy mba nandà ny finoana Ahy, na dia tamin'ny andron'i Antipasy maritiora hitokisako aza, izay novonoina teo aminareo, izay hitoeran'i Satana."

"Fantatro ny asanao." Ireo dia teny mitovy nolazaina tamin'ny iraky ny fiangonana fito tsirairay avy izay mifandray amin'ny vahoakan 'Andriamanitra isaky ny vanim-potoana. Araka izay nolazaina tamin'ireo voaloboka roa (marina sy tsy izy) dia hitondra fifaliana sy firavoravoana

ho an’ny fon'ny vondrona iray, kanefa tsy maintsy hitondra tahotra ao am-pon'ny anankiray. Fa na dia voavonjy tamin’ny fahasoavana aza isika, ankoatra ny asa, ny tena famonjena dia miteraka asa, na asa izay hampifaly an'Andriamanitra. 1 Jaona 3:7, "Anaka, aza avela hisy hamitaka anareo, izay MANAO (miasa) ny asan’ny fahamarinana no marina; eny, marina tahaka Azy." Raha misy dikany tokoa io andininy io, dia milaza izany fa izay ATAON’ ny olona no maha IZY azy. Jakoba 3:11, "Moa ny loharano va sady mamoaka rano madio no mamoaka rano maloto?" Romana 6:2, "Nahoana isika efa maty tamin'ny ota no mbola velona aminy ihany?" Matio 12: 33-35 "Koa ataovy tsara ny hazo sy ny voany, na ataovy ratsy ny hazo mbamin'ny voany; fa ny voany no ahafantarana ny hazo. Ry taranaky ny menarana, ataonareo ahoana, izay ratsy, no hilaza zavatra tsara? fa avy amin'ny haben'ny ao am-po no itenenan'ny vava. Ny olona tsara fanahy avy amin'ny tahiry tsara ao am-pony no ivoahan’ny zavatra tsara; ary ny ratsy fanahy kosa avy amin'ny ratsy miangona ao am-pony dia mamoaka zavatra ratsy." Noho izany, raha misy olona ateraky ny Teny (Ateraka indray, tsy tamin'ny voa mety lò, fa amin’ny tsy mety lò, dia ny Tenin'Andriamanitra, izay velona sady mitoetra mandrakizay. 1 Petera 1:23) dia hamokatra ny Teny izy. Ny vokatry ny asa eo amin’ny fiainany dia ho vokatry ny karazan’ny voa na fiainana tao aminy. Ny asany, noho izany dia ho araka ny Soratra Masina. Oh, tena fiampangana izany fahamarinana izany hanohitra ny Vanim-potoana Pergamosy. Eo no mijoro ilay Iray Tsy Manan-tsahala, ary eny an-tànany ny sabatra maranitra roa ny lelany, ny Tenin' Andriamanitra. Ary izany Teny izany no hitsara antsika amin'ny andro farany. Raha ny marina ny Teny dia efa mitsara na dia ankehitriny aza, satria io no mahay mamantatra ny eritreritra sy ny fanirin’ny fo. Izy no manapaka mampisaraka ny ara-nofo amin'ny ara-panahy. Izany dia mahatonga antsika ho epistily velona epistily vakiana sy fantatry ny olona rehetra ho voninahitr'Andriamanitra.

"Fantatro ny asanao." Raha misy olona matahotra fa tsy mba nampifaly an'Andriamanitra, dia aoka izy hanatanteraka ny Teny. Raha misy olona manontany tena raha hihaino ireo teny ireo izy: "Tsara izany, ry mpanompo tsara sady mahatoky," aoka izy hanatanteraka ny Tenin'Andriamanitra eo amin'ny fiainany, ary marina tokoa fa hahare ireo teny fiderana ireo izy. Ny Tenin'ny fahamarinana no fepetra eto; izany no fepetra ankehitriny. Tsy misy fitsipika hafa; tsy misy pilao (fanaovana mari-trano) hafa.Fa izao tontolo izao dia hotsarain'ny Kristy Jesosy iray, dia araka izany koa no hitsaran’ny Teny azy. Raha misy olona te- ahafantatra ny fomba fiasan’ny tenany, dia aoka izy hanao araka ny soso-kevitr’i Jakoba: "Jereo ny fitaratry ny Tenin'Andriamanitra."

“Fantatro ny asanao.” Rehefa nitsangana teo Izy niaraka tamin’ny Teny, mandinika ny fiainan’izy ireo ao amin'ilay toromarika mazava efa novelariny ho azy ireo, tsy maintsy efa sitraky ny fony tamin'ny fepetra tsara, satria izy ireo, toy ny hafa izay efa nandeha teo aloha, dia niaritra ny fanenjehana nataon’ny tsy marina kanefa mbola faly tsy misaraka amin'ny Tompo. Na dia sarotra aza ny nanompo ny Tompo tamin’izany dia nanompo Azy izy ireo ary niankohoka teo anatrehany amin'ny fanahy sy fahamarinana. Fa amin’ny voaloboka tsy izy dia tsy mba toy izany. Indrisy, efa nialany ny fiainana izay naorina teo amin’ny Teny, ary amin’izao ireo efa nandeha lavidavitra kokoa ary miala amin'ny fahamarinana. Ny asan’izy ireo dia vavolombelon’ny halalin’ny hantsana niletehany.

IANAO MIHAZONA MAFY NY ANARAKO.
"Any amin’iza izahay no handeha? Ianao irery ihany no manana ny tenin'ny fiainana mandrakizay!" Noho izany dia nihazona mafy izy ireo; mihazona mafy izy ireo ankehitriny, fa tsy amin'ny tahotra loza toy ny olona izay miaina amin’ny fiainana poak’aty. Izy ireo dia nihazona mafy tao amin'ny Heriny, amin'ny fanomezan-toky avy amin'ny Fanahy fa iray ihany

izy ireo ao Aminy. Ny azy ireo dia ny fahalalana marina ny famelan-keloka, ary hitondrany ny anarana hoe: Kristianina'hijoroany vavolombelona amin'izany. Fantatr'izy ireo ary tiany io Anarana io izay mihoatra noho ny anarana rehetra. Ny lohalik'izy ireo nandohalika tamin'i io Anarana io. Ny fiteniny niaiky izany. Na inona na inona nataony, dia nataony tamin'ny anaran'ny Jesosy Tompo. Voalazany io Anarana io ary nialany ny ratsy, ary rehefa nijoro izy ireo dia vonona ny ho faty noho io Anarana io satria efa nomena toky ny amin'ny fitsanganana amin'ny maty izay tsaratsara kokoa.

Raiso ho anao ny anaran'i Jesosy,
Ry Zanaky ny loza sy alahelo.
Hampifaly sy hampionona anao .
Ento na aiza alehanao.
Anarantsoa, O tena mamy,
Andrasan'ny tany sy fifalian'ny lanitra.

Efa tamin'ny taonjato faharoa ny teny hoe "Ray, Zanaka sy ny Fanahy Masina" no nanazava ny `Andriamanitra telo izay iray' (Trinité) tamin' ny maro, ary ny fihevitry ny mpanao andriamanitra maro (polytheisme) momba ny Andriamanitra telo dia lasa foto-pampianarana ao amin'ny fiangonana diso. Tsy ela dia nesorina ny Anarana, indrindra amin'izao vanim-potoana izao, ary amin'ny toerany, ny anaram-boninahitr'ilay ANDRIAMANITRA LEHIBE IRAY dia soloin'ilay ANARANA, Jesosy Kristy Tompo. Raha ny ankamaroany kosa nanangana apostoly sy nifikitra ary nanao batisa tamin'ny fampiasana andriamanitra telo izay iray ho anaram-boninahitra ny amin'ny momban'Andriamanitra, ireo ondry vitsy anefa mbola nanao batisa tamin'ny Anaran'i Jesosy Kristy ary nihazona ny fahamarinana.

Amin'ny fanalam-baràka an'Andriamanitra diso tafahoatra, mamadika Azy ho andriamanitra telo, ary manova ny Anarany be famindra-po ho anaram-boninahitra (titre), dia mampanintany tena raha toa ka ny famantarana sy ny fahagagana izay teo anatrehan' izany Anarana lehibe izany dia mbola ho hita eny anivon'ny olona. Eny, ireo famantarana ireo dia niseho tamin-kery sy fomba mahatalanjona, na dia azo antoka fa tsy tao amin'ny voaloboka tsy izy aza. Ny lehilahy tahaka an'i Martin dia nampiasaina indrindra ary Andriamanitra naneho tamin'ny famantarana sy fahagagana ary fanomezan'ny Fanahy Masina. Izany anarana izany dia mbola mahaomby foana hatramin'izay ka ho mandrakizay, izay hanajan'ireo olona masina Azy amin'ny alalan'ny Teny sy finoana.

IANAO TSY MBA NANDÀ NY FINOANA AHY.
Ao amin'ny Asan'ny Apostoly 3:16, rehefa nanontaniana i Petera ny amin'ny fomba nitrangan'ilay fahagagana mahery tamin'ilay mandringa anankiray teo amin'ny vavahady Tsaratarehy,dia nanazava izany toy izao izy, "Ary ny Anarany (Jesosy), amin'ny alalan'ny finoana ao amin'ny Anarany (Jesosy) no nahatonga ity lehilahy ity (kilemaina taloha) matanjaka, eny, ny finoana avy amin'ny alalany (avy) Izy (Jesosy) no nanome azy (ilay lehilahy) izao fahasitranana lavorary izao eto imasonareo rehetra izao. "Hitanareo,izay ilay izy. Ny anaran'i Jesosy, ary ny Finoan'i Jesosy no nitondra ny fahagagana. Petera tsy nilaza fa ny finoany amin'ny maha-olombelona azy izany, ary mbola nilazany ihany koa fa tsy ny anarany manokana. Nambarany fa ny Anaran i Jesosy no nampiasaina tamin'ny finoana izay avy amin'i Jesosy no nanao izany asa lehibe izany. Izany finoana izany no resahin'ny Tompo dia ao amin'ny Apokalypsy 22:13. Izany dia ny FINOANY. Tsy ny finoana Azy. Ny finoana NANANANY MANOKANA no nomena ny mpino. Romana 12: 3b "Araka izay efa nataon'Andriamanitra tamin'ny olona rehetra (araka ny andininy faha-1 ny lehilahy dia

MPIRAHALAHY) ny amin’ny fatran’ny finoana." Efesiana 2:8, "Fa fahasoavana no namonjena anareo amin'ny finoana, ary izany (Finoana) tsy avy aminareo, fa fanomezana avy amin'Andriamanitra." Ary izany koa dia voalaza ao amin'ny Jakoba 2:1, "Ry rahalahiko (Mariho izy koa eto dia miresaka amin'ny RAHALAHY) aza manana ny FINOAN'I (tsy an’i) Jesosy Kristy Tompontsika amin'ny fizahan-tavan'olona."

Ao amin'io Vanim-potoana Pergamosy io, izay nataon’ny olona araka ny maha-olombelona azy ny famonjena, ka niala tamin'ilay fahamarinana hoe "ny Famonjena dia avy amin'ny Tompo," --natsipiny niala ny foto-pampianarana momba ny fifidianana ary namoha malalaka ny varavaran’ny fiangonana sy ny fiarahany ho amin’izay rehetra misoratra anarana ao amin’ny foto-pinoany, (fa tsy ny Teny), amin'izao vanim-potoana mamotika sady haingana izao,dia mbola ao ireo vitsy an’isa izay manana ny fatran’izany finoana nanan’i Jesosy Kristy Tompo izany, ary tsy ny fampiasana izany finoana izany ihany amin’ny hery fa nanohitra ireo izay sahy hilaza fa voavonjy izy ireo satria miditra am-piangonana. Fantatr'izy ireo fa tsy misy olona afaka mino marina ny amin’ny fiainana mandrakizay sy ny fahamarinana avy amin'Andriamanitra raha tsy ny fatran’ny finoan’i Jesosy Tompo, ny Tenany. Tahaka ny fiangonana ankehitriny dia feno mpino mandeha araka ny sainy, izay manohana ny fahaterahan’ny virijiny, ny rà nalatsaka, mandeha miangona sy mandray kôminio (fandraisana), kanefa tsy nateraka indray, dia toy izany koa ny olana amin’io vanim-potoana fahatelo io. Tsy ampy ny finoan’ny olona ary mbola tsy ampy izany ankehitriny. Mitaky ny tena finoan’ny Zanak 'Andriamanitra mba hilatsaka am-pon'ny olona ka afaka mandray ny Tompon’ny voninahitra izy ao amin’ny tempoly tsy nataon-tanana.

Izany dia ny finoana velona. "Izaho dia velona amin'ny finoan’ny Zanak'Andriamanitra." Tsy milaza i Paoly fa velona AMIN’NY finoana ny Zanak'Andriamanitra izy. Ny finoan’ny Zanak'Andriamanitra no nanome azy ny fiainana sy niaro azy tamin’ny fandresena Kristiana, tsy nandà izy ireo fa ny famonjena dia mihoatra ny natoraly hatramin'ny voalohany ka hatramin'ny farany. Novelomin’izy ireo foana ny fahamarinanan'ny Anarany sy ny Finoany ary notahin’ny Tompo izy ireo ka mendrika noho ny Aminy.

ANTIPASY MARITIORAKO MAHATOKY.
Tsy misy fitantarana hafa ao amin'ny Teny na teo amin'ny tantara manala-baraka momba io rahalahy io. Ary azo antoka fa tsy nilaina izany. Efa tena ampy ny fahalalan’ny Tompo azy hatramin’izay. Efa mihoatra noho ny ampy ny mahita ny tsy fivadihany tamin’ny Tompo izay voarakitra ao amin'ny Teny velona. Kristianina izy. Nanana ny anaran'i Jesosy izy. Nanana ny finoanan’ny Tompontsika, dia Jesosy Kristy izy, ary niaraka tamin’ireo izay nivelona tamin’Izany. Namaly ny tenin'i Jakoba izy, "Aza manana ny finoan’i Jesosy Kristy amin'ny fizahan-tavan'olona." feno ny Fanahy Masina sy finoana tahaka an'i Stefana izy, tsy nisy olona najainy manokana, tsy natahotra na iza na iza izy, rehefa nivoaka ny didy famonoana ireo izay mitondra izany Anarana izany ary mandeha amin'ny finoan'i Jesosy Kristy dia nijoro izy niaraka tamin'ireo izay tsy nety niverin-dalana. Eny nataony izany, fa tahaka an'i Abela dia nanana porofo avy amin'Andriamanitra izy (ny anarany dia voasoratra ao amin'ny Teny), ka na dia maty aza izy, ny feony mbola miteny ao amin’ny Rakitra Masin’Andriamanitra. Nisy maritiora iray hafa nentina ho any amin'ny fitsaharany. Fa Satana tsy nandresy teo, tahaka ny tsy nandreseny tamin’ny namonoany ny Andrian'ny Fiadanana, fa Satana potika tao amin'ny hazo fijaliana, dia tahaka izany koa ankehitriny, ny ràn'i Antipasy mitaraina amin’ireo an-jatony maro mba hitondra ny hazo fijaliany sy hanaraka Azy.

AO AMIN’NY SEZA HITOERAN’I SATANA.

Ny antony mahatonga ity ho anisan'ny fandokafana ny Fanahy dia satria ireo miaramilan’ny hazo fijaliana mahery fo ireo dia nandresy an'i Satana teo afovoan'ny efitrano misy ny seza fiandrianany. Nandresy ny ady izy ireo tamin'ny alalan’ilay Anarana sy Finoan’i Jesosy teo anatrehan’ny tobin'ny mpitarika ny maizina. Tena lehibe izany fiderana izany. Tahaka ireo lehilahy maherin’i Davida izay nanafika ny tobin'ny fahavalo mba hitondra rano ho fanalana hetaheta an’i Davida, ka ireo olona goavam-ben’ny finoana ireo dia nanafika ny tobi-pamaharan’ny fanjakan'i Satana eto an-tany, ary nitory sy nananatra nitondra ny ranon’ny famonjena ho an 'ireo izay nipetraka teo ambanin'ny aloky ny fahafatesana.

Ary satria ireo teny momba ny seza fiandrianana sy fanjakan'i Satana ireo dia anisan'ny fiderana ho an'ny Olom-boafidin’Andriamanitra, izay tena nametraka ny dingana ho amin'ny fiampangana ny ratsy izay nahazo vahana hatramin’ny fara-tampony tao amin'ny Fiangonana.

PERGAMOSY: Seza Fiandrianan'i i Satana sy Fonenany. Ho an’ny maro, ireo andian-teny ireo dia toa sarinteny fotsiny ihany noho ny tena tantara marina. Kanefa izy ireo dia azo antoka fa tena marina ary ny tantara dia manaporofo izany. Pergamosy tokoa dia seza fiandrianana sy fonenan'i Satana. Toy izao no nitrangan’izany:

Pergamosy tamin’ny voalohany dia tsy toerana nonenan’i Satana (ny amin'ny raharahan'olombelona). Babylona foana ara-bakiteny sy ara-keviny no toby famaharany. Ary tao an-tanànan'i Babylona no niandohan’ny fivavahana tamin’i Satana. Genesisy 10:8-10, "Ary Kosy niteraka an'i Nimroda; izy no voalohany izay tonga olona mahery tambonin'ny tany. Izy dia mpihaza mahery teo anatrehan'i Jehovah. Ary ny niandohan'ny fanjakany dia Babela sy Ereka sy Akada ary Kalne, tany amin'ny tany Sinara. "Genesisy 11:1-9, "Ary ny tany rehetra dia nanana fiteny iray ihany, sy fomba firesahana iray. Ary raha nifindrafindra niantsinanana ny olona, dia nahita tany lemaka tany amin'ny tany Sinara ka nonina teo. Ary niresadresaka hoe : Andeha isika hanao biriky ka handoro izany tsara. Ary ny biriky nataony solom-bato, ary ny asfalta nataony solon-drihitra. Ary hoy izy: Andeha isika hanao tanàna sy tilikambo ho antsika, ka ny tampony hahatakatra ny lanitra, dia hanao izay hahazoantsika laza, fandrao hiely eny ambonin'ny tany rehetra isika. Dia nidina Jehovah hizaha ny tanàna sy ny tilikambo, izay nataon'ny zanak'olombelona. Ary hoy Jehovah: Indro, iray foko ny olona, sady iray fanononana izy rehetra, ary ity vao fiandohan'ny hataony; koa izao dia tsy hisy azo sakanana na inona na inona izay saintsaininy hatao. Aoka isika hidina, ka eny no hanorokoroantsika ny fiteniny, mba tsy hifankahala teny izy. Dia tao no nampielezan'i Jehovah azy hiala ho eny ambonin'ny tany rehetra; dia nitsahatra tsy nanao ny tanàna intsony izy. Koa izany no nanaovana ny anarany hoe Babela; fa tao Jehovah no nanorokoro ny fitenin'ny tany rehetra; ary tao no nampielezan'i Jehovah ny olona ho eny ambonin'ny tany rehetra.

Babel no anaran’i Babylona tany amboahany. Izany dia midika hoe korontana (very hevitra).Ara-bakiteny dia Kosa no nanomboka azy, zanak'i Hama, ary nentina ho amin'ny fanjakana lehibe mahery teo ambany fifehezan’ny Zanany, dia Nimroda, ilay mpihaza mahery. Nimroda, araka ny Genesisy iraika ambin'ny folo sy ny tantara ratsy laza dia niainga mba hanatanteraka zavatra telo. Te hanorina firenena matanjaka izy ary nataony izany. Te mba hampiely ny fivavahany manokana izy, ary nataony izany. Te hanao ny anarana ho an'ny tenany manokana izy, izay nontaterahiny koa izany. Ny zava-bitany dia tena goavana tokoa ka nantsoina hoe ilay loha volamena ny fanjakan'i Babylona teo anivon'ny fitondram-panjakana amin’izao tontolo izao. Ny hoe lasa nanan-danja tokoa ny fivavahany dia voaporofo amin'ny alalan'ny Soratra Masina fa miaraka aminy Satana, ao amin'ny Isaia toko

faha 14 sy ao amin'ny Apokalypsy Toko 17-18. Ary amin’ny tantara isika dia afaka manaporofo fa nanafika izao tontolo izao izy, ary fototry ny rafitra rehetra momba ny fanompoan-tsampy, sy ny foto-kevitry ny angano, na dia samy hafa aza ny anaran’ireo andriamanitra araka fiaviany sy ny fitenin' ny olona. Dia nanao anarana ho an'ny tenany manokana izy sy ho an’ ny mpanara-dia azy, fa raha mbola misy izao vanim-potoana ankehitriny izao, (mandra-panehon’i Jesosy ny Tenany amin’ireo rahalahiny) dia hivavahana sy homem-boninahitra izy, na dia eo ambanin'ny anarana ankoatran’i Nimroda aza, ary ao amin'ny tempoly somary miavaka kely amin’ilay tany am-boalohany izay nivavahana taminy.

Koa satria ny Baiboly tsy dia miresaka ny tantaran’ny firenena samihafa amin'ny an-tsipiriany, dia ilaina ny mikaroka ireo rakitsoratra ratsy laza fahiny mba hahitana ny valin’ny fanontaniantsika ny maha sezan’ny fivavahana Satanikan’i Babylona an’i Pergamosy. Ny vokatry ny fikarohana manan-danja indrindra dia ny ao amin'ny firaketana an-tsoratry ny Ejiptiana sy ny kolontsaina Grika. Ny anton’izany dia satria ny nandraisan’i Egypta siansa sy ny matematika dia avy any amin'ny Kaldeana, ary Gresy nandray ny azy ireo avy amin’i Egypta. Ary satria ny mpisorona no miandraikitra ny fampianarana ireo siansa ireo, ary satria ireo siansa ireo dia nampiasaina ho toy ny ampahany amin'ny fivavahana, dia efa fantatsika ny fanalahidy ny amin’ny nampahazo vahana ny fomba fivavahana Babyloniana tao amin’ireo firenena roa ireo. Marina ihany koa fa isaky ny misy firenena iray dia afaka mandresy firenena iray, amin'ny fotoana voatondro, ny fivavahan’ny mpitondra dia lasa ny fivavahan’ny nentina. Efa fantatra tsara fa ny Grika koa nanana ny famantarana Zodiaka toy ny nataon'ny Babylonianina; ary izany dia hita ao amin'ny firaketana an-tsoratra Ejipsianina fahiny fa ny Egyptiana no nanome ny Grika ny fahalalany ny fivavahana tamin'andriamanitra maro. (polytheisme) Noho izany ny zava-miafin’i Babylona dia niely avy amin’ny firenena iray mankany amin’ny firenena iray mandra-pisehony tany Roma, Sina (Chine), India, efa na dia tany Amerika Avaratra sy Atsimo aza dia ahitantsika izany fototra fomba fivavahana izany.

Ny tantara fahiny dia miombon-kevitra amin'ny Baiboly fa io fivavahana Babyloniana io dia tena azo antoka fa tsy ny fivavahan’ny olona tety an-tany tany am-boalohany. Io no voalohany nitarika ny olona hiala tamin’ny finoana tany am-boalohany; nefa io dia tsy ilay iray tena tany am-boalohany. Ny mpahay tantara toa an'i Wilkinson sy Mallett dia nanaporofo mazava avy amin’ny tahirin-kevitra fahiny fa nisy fotoana iray izay ninoan’ny olona rehetra teto an-tany ANDRIAMANITRA IRAY, fara tampony, mandrakizay, tsy hita maso, Izay avy amin'ny Tenin'ny Vavany dia nilaza ny zavatra rehetra ho eo amin’ny fisiana, ary izay ny Toetrany, Izy dia be fitiavana, tsara sy marina. Fa i Satana dia hanimba foana araka izay azony atao,hitantsika izy manimba ny fo sy sain’ny olona mba handavany ny fahamarinana. Satria izy dia te handray vavaka tahaka an’Andriamanitra fa tsy ilay mpanompo sy asa-tananan’Andriamanitra, nosintoniny ny fivavahana hiala amin’Andriamanitra, ary amin’ny farany dia sintoniny mankany aminy maba hisandratany. Tena nontaterahiny ny fikasany hanaparitaka ny fivavahany manerana izao tontolo izao. Izany dia hamarinin'Andriamanitra ao amin'ny bokin'ny Romana, "Rehefa nahalala an'Andriamanitra izy ireo, dia nankalaza Azy tsy toy ny Andriamanitra, mandra-pahatongan’ny fisainany ho zava-poana, ary ao amin'ny fahamaizinan’ny fo no hanekeny fivavahana manimba ka ahatonga azy ireo hivavaka amin’ny zavaboary fa tsy ny Mpamorona." Tadidio fa i Satana dia zavaboarin’Andriamanitra (Zanaky ny Maraina). Izao no ahitantsika fa tamin’ny fahamarinana naparitaka teo anivon'ny olona, ary ny rehetra nihazona izany fahamarinana izany, kanefa taty aoriana dia nisy vondrona lehibe tonga niala tamin'Andriamanitra ka nanaparitaka fomba fivavahana manana endriky nydevoly manerana izao tontolo izao. Ny tantara dia manaporofo fa ireo avy amin'ny fokon'i Sema izay nitsangana teo amin'ny fahamarinana tsy miova, mafy orina dia nanohitra mafy ny an'i Hama,

izay niala tamin'ny fahamarinana fa nankany amin’ny laingan’ny devoly. Tsy misy fotoana hanaovana fifanakalozan-kevitra ny amin’izany; nampidirina fontsiny izany mba hahitanareo fa nisy fivavahana roa, ary roa ihany, ary ilay ratsy iray dia niparitaka eran’izao tontolo izao.

Fivavahana amin’Andriamanitra tokana (Monotheisme) lasa tany amin'ny fivavahana amin’ andriamanitra maro (Polytheism) tany Babylona. Ny laingan’ny devoly sy ny misiteriny dia nitsangana nanohitra ny fahamarinan'Andriamanitra sy ny misterin'Andriamanitra tao amin'izany tanàna izany. I Satana tokoa dia tena lasa andriamanitr'izao tontolo izao, ary mila fivavahana avy amin’ireo izay efa nofitahany, ka nahatonga azy ireo hino fa Izy no tena ny Tompo.

Ny fivavahan’ny fahavalo amin’ andriamanitra maro dia nanomboka tamin'ny foto-pampianarana telo izay iray. Fahiny tany aloha tany, ny hevitra momban’ny " Andriamanitra iray amin'ny olona telo" no nisy voalohany. Mahagaga ny tsy nahitan’ ny teolojianina amin’izao andro izao an’izany; nefa azo inoana fa satria voafitak’i Satana toy ireo razambeny ireo, dia mbola mino ny olona telo izy ireo ao amin'ny maha-Andriamanitra. Aoka isika haneho toerana iray ao amin'ny Soratra Masina izay manambara fa tsy misy fahefana amin'izany fampianarana izany. Tsy hafahafa ve raha ny taranak'i Hama nandeha tamin’ny lalan’izy ireo tamin’ny fivavahana amin’i Satana izay ao anatiny ny fivavahana amin’ny andriamanitra telo, kanefa tsy misy marika na dia iray aza nahitana ny taranak’i Sema nino zavatra tahaka izany na nanao fivavahana tahaka izany? Mahagaga ve ny Hebreo raha nino: "Mihainoa, ry Israely, ny Tompo Andriamanitrao no Andriamanitra IRAY ihany", raha misy olona telo ao amin'ny maha Andriamanitra? Abrahama, ny taranak'i Sema, ao amin'ny Genesisy 18 tsy nahita afa-tsy Andriamanitra IRAY sy anjely roa.

Ankehitriny ary, ahoana no hanazavana izany (trinité) izany? Izany dia naseho tamin’ny telozoro araka ny hisehoany ao Roma ankehitriny. Mahagaga, ny Hebreo dia tsy nanana fomba fihevitra toy izany. Ary iza ary no marina? Moa ve ny Hebreo sa ny Babyloniana? Ao Azia ny fihevitry ny politeista momba ny andriamanitra telo ao anatin'ny iray dia nivoaka tao amin'ny sary manana loha telo amin'ny vatana iray. Izy dia miseho ho fahaizana telo. Ao India, izy ireo dia mahita azy ao am-pony mba hanehoany azy ho toy ny andriamanitra iray manana endrika telo. Ary izany dia tena teolojia maoderna ankehitriny. Ao Japana dia misy Buddha lehibe manana loha telo toy ilay efa voalaza teo aloha. Fa ny tena miharihary amin’izy rehetra dia ilay mametraka ny foto-kevitra telo izay iray dia ny Andriamanitra telo amin'ny endriny: 1. Ny lohan'ny lahiantitra iray mampiseho Andriamanitra Ray, 2. Boribory izay ao amin'ny zava-miafina midika hoe 'taranaka'izay ny dikany avy eo dia lasa hoe ny Zanaka. 3. Ary ny elany sy ny rambony an’ny vorona (voromailala). Eto dia ny foto-pampianaran'ny Ray, Zanaka sy Fanahy Masina, olona telo ao amin'ny Andriamanitra, ny Andriamanitra telo izay iray-bakiteny. Afaka mahita ny toy izany koa ianao ao Roma. Ankehitriny, mamelà ahy hanontany indray mandeha indray, tsy hafahafa ve raha ny devoly sy ny mpanompony indray no manana ny marina nambara noho ny rain’ny finoana, (Abrahama) sy ny taranany? Moa ve tsy hafahafa fa ny mpanompon'i Satana indray no nahalala bebe kokoa momba an'Andriamanitra noho ny zanak'Andriamanitra? Ankehitriny dia izany no tian’ny teolojianina maoderina holazaina amintsika rehefa miresaka momba ny Andriamanitra telo izay iray izy ireo. Tsarovy fotsiny ity zavatra iray ity manomboka izao: ireto rakitsoratra ireto dia zava-misy ary izany no zava-misy -- Satana dia mpandainga sy rain'ny lainga, ary na oviana na oviana hahatongavany amin'ny misy hazavàna, izany dia mbola lainga. Izy dia mpamono olona. Ary ny foto-pampianarany momba ny Andriamanitra telo izay iray dia namotika olona maro ary mbola handringana mandra-pahatongan’i Jesosy.

Araka ny tantara dia tsy ela ny nanovàna nankao ao amin'ny foto-kevitra momba ny Ray sy ny Zanaka ary ny Fanahy Masina. Satana dia naka azy ireo indray mandingana hiala amin'ny fahamarinana. Ny fiovan'ny hevitra mikasika ny maha-Andriamanitra izany izao dia: 1. Ny Ray Mandrakizay, 2. Ny Fanahin'Andriamanitra tonga nofo tamin'ny OLOMBELONA reny. (Mampieritreritra anao ve izany?) 3. Andriamanitra Zanaka, ny vokatry ny Fahatongavana ho nofo, (Taranaky Ravehivavy).

Fa ny devoly mbola tsy afa-po. Mbola tsy vitany ny fanompoam-pivavahana aminy, raha tsy hoe amin'ny fomba mivantana. Noho izany dia nentiny hiala amin'ny marina lavidavitra kokoa ny olona. Amin'ny alalan'ny misiteriny dia mampiseho amin'ny olona izy hatramin'ny tsy nidiran'ilay Andriamanitra lehibe tsy hita maso mahakasika ny raharahan'olombelona, fa nijanona nangina ny amin'ny momba azy ireo, dia manaraka ho azy ny mety hivavahana aminy ao amin'ny mangingina. Raha ny marina dia midika hoe mandà azy araka izay azo atao na tanteraka mihintsy. Izany foto-pampianarana izany dia niely manerana izao tontolo izao,ary amin'izao fotoana izao ao India dia afaka ahitana tempoly ho an'ilay lehibe mpamorona, ilay andriamanitra mangina andriamanitra, izay tena vitsy.

Koa satria tsy ilaina ny mivavaka amin'ny ray mpamorona, dia mazava ho azy fa ny fanompoam-pivavahana dia nifindra tany amin'ny "Reny sy ny Zanaka " ho toy ny zavatra ivavahana. Tany Ejipta dia nisy ny fitambaran'ny reny sy ny zanaka natao hoe Isis sy Osiris. Tao India dia Isi sy Iswara. (Mariho ny fitoviana amin'ny anarana mihitsy aza.) Tao Azia dia Cybele sy Deoius. Ny tao Roma sy Gresy dia nanamafy. Ary ny tao Sina (Chine). Eny, alaivo sary an-tsaina ny tsy nanampoizan'ny misionera Romana Katolika sasany rehefa niditra tao Sina izy ireo ka nahita Madonna sy ny Zanany miaraka amin'ny tara-pahazavana mivoaka avy eo amin'ny lohan'ny zaza. Ilay sary mety afaka natakalo tamin'ny iray ao amin'ny Vatikana afa-tsy ny fahasamihafana ny amin'ny tarehiny.

Ankehitriny ary dia ilaintsika ny mahafantatra ny niavian'ny reny sy ny zanaka. Tany am-boalohany ny andriamanibavin'ny-renin'i Babylona dia Semiramis, izay atao hoe Rhea tany amin'ny faritra atsinanana. Eo amin'ny sandriny izy dia mihazona zazalahy, izay na dia zaza aza, dia voalaza fa lava, matanjaka, tsara tarehy, ary indrindra fa nahasarika vehivavy. Ao amin'ny Ezekiela 8:14 dia natao hoe Tamoza. Eo amin'ireo mpanoratra malaza izy dia antsoina hoe Bacchus. Ho an'ny Babyloniana izy dia Ninosy. Inona ary no tantara mahakasika ny fisehony tahaka ny zanaka teo amin'ny sandriny kanefa voafaritra toa lehilahy lehibe sady matanjaka ary fantatra amin'ny hoe "Vady- Zanaka". Iray amin'ireo anaram-boninahitra nentiny dia "Vadin-dReniny", ary ao India, izay izy roa dia fantatra amin'ny hoe Iswara sy Isi, izy (ny lahy) dia aseho ho toy ny zazakely teo ny tratran'ny vadiny.

Fa izany Ninus izany no Nimroda ao amin'ny Baiboly, ary isika afaka manamafy fampitahana tantara ao amin'ny Genesisy. Pompeius nilaza hoe: "Ninus, mpanjakan'i Asyria no nanova ny fomba fiainana tamin'ny antonony fahiny araka ny faniriany mba handresy. IZY NO VOALOHANY NITONDRA ADY NANOHITRA NY MPIARA-MONINA TAMINY. Nandresy ny firenena rehetra avy any Asyria izy ka hatrany Lybia satria ireo lehilahy ireo tsy nanana ny traikefa amin'ny ady." Diodorus nilaza hoe: "Ninus no mpanjaka fahiny indrindra voalaza teo amin'ny tantaran'i Asyria. Nohon'ny toetrany tia ady dia nanofana tanora maro izy tamin'ny fomba entitra hianatra ady. Izy no nitondra an'i Babylonia teo ambaniny raha mbola tsy nisy akory ny tanànan'i Babylona." toy izany no ahitantsika izany Ninus izany nanomboka ho lehibe tany Babylona, nanorina an'i Babela sy naka ny Asyria, lasa mpanjaka tao, ary avy eo

dia nanomboka naka hafa faritany hafa midadasika, izay ny olona tao dia tsy nanana traikefa amin'ny ady sy niaina tamin’ny antonony araka izay nolazain'i Pompeius. Ary ao amin'ny Genesisy 10, miresaka momba ny fanjakan'i Nimroda manao hoe: "Ary ny niandohan'ny fanjakany dia Babela sy Ereka sy Akada ary Kalne tany amin'ny tany Sinara. Ary nivoaka avy tamin'izany tany Asora ary nanorina an'i Ninive, ary Kala, sns" Fa ny mpandika teny nanao fahadisoana tamin'ny fandikana ny teny hoe Asora toy ny anarana kanefa matoanteny io, amin’ny teny Kaldeana midika hoe 'mapatanjaka.' Noho izany dia io no Nimroda, rehefa niha-natanjaka (nanorina ny fanjakany izy tamin’ny alalan'ny miaramila voalohany teo amin’ izao tontolo izao ary nofaniny mba hilahatra sy hihaza amin’ny fomba enjana), dia nandeha tany an-dafin'i Sinara izy sy ny miaramilany matanjaka ka nampanaiky firenena ary nanorina an’i Niniveh, izay nitondra ny anarany, eny ankehitriny aza ny faritra tena malaza amin’ny sisa tavela dia natao hoe Nimroud!

Koa satria efa hitantsika hoe iza Ninosy, dia ilaina ihany koa ny mba hahitana izay rainy. Araka ny tantara dia i Bela izany, ny mpanorina an’i Babylona. (Tiana homarihina etoana fa Bela no nanorina azy, amin'ny heviny hoe nanomboka io hetsika rehetra io izy, fa Ninosy zanany no nanangana azy sy mpanjaka voalohany tao, sns) Fa araka ny Soratra Masina, ny rain'i Nimroda dia Kosy: "Ary Kosy niteraka an'i Nimroda." Tsy izany ihany koa, fa hitantsika fa i Hama niteraka an'i Kosy. Ankehitriny ao amin'ny kolontsaina Ejiptiana, i Bela dia natao hoe Hermesy, ary Hermesy midika hoe, "ZANAKY HAMA". Araka ny tantara Hermesy dia ilay mpaminany lehibe tamin’ny fanompoan-tsampy. Izy no mahalaza ny hevitry ny andriamanitra. Anarany hafa niantsoana azy dia Mercury. (Vakio ny Asan'ny Apostoly 14:11-12)

Hyginus dia milaza momba izany andriamanitra izay fantatra tamin’ny anarana isan-karazany toy ny hoe Bela, Hermesy, Mercury sns, "Fa taona maro ny olona no nipetraka teo ambanin'ny governemantan’i Jove (tsy ny Romana Jove, fa Jehovah ny Hebreo izay talohan'ny tantara Romana) tsy misy tanàna ary tsy misy lalàna, ary ny rehetra niteny tamin’ny fiteny iray ihany. Fa taorian’ny Mercury (Bela, Kosy) nandika ny kabarin’ny olona (avy amin’izany no niantsoana ny mpandika teny hoe Hermeneutes), izany olona izany ihany no nizara ny firenena. Avy eo dia nanomboka ny ady." Hita avy amin'izany fa Bela na Kosy, rain'i Nimroda, no mpitarika ny olona voalohany hiala amin’ny tena Andriamanitra marina, ary nampirisika ny olona ho toy ny "mpandika tenin’ireo andriamanitra" mba haka endrika fivavahana hafa. Nampirisika azy ireo izy mba hanohy, miaraka amin’ny tilikambo naorin’ny zanany.Izany famporisihana izany no nitondra ny fikorontanana sy ny fizarana teo amin’ny olona, ka dia sady, "mpandika teny izy no mpanakorontana".

Kosy izany avy eo dia rain’ny rafitra politeista, ary rehefa ny olona ihany no manangana olona ivavahany, mazava ho azy fa izy no rain’ireo andriamanitra ireo. Eto ary Kosy dia nantsoina hoe Bela. Ary Bela amin’ny angano (mythologie) Romana dia i Janus. Ny sariny dia manana tarehy roa ary mitondra sabatra izay hanairany olona sy “hanaparitahany” azy. Ovid dia nanoratra fa i Janus nilaza momba ny tenany, "ireo zokiolona dia niantso ahy hoe Chaos (be korontana)". Dia toy izany no ahitantsika fa ny Kosy ao amin'ny Baiboly, ilay mpioko tany am-boalohany nanohitra Andriamanitra tokana no atao hoe Bela, Belosy, Hermesy, Janosy, sns… teo anivon'ireo olona fahizay. Nitompo teny fantatra izy mba hilaza fanambarana sy fanazavana avy amin’ireo andriamanitry ny firenena. Rehefa nanao izany dia nahatonga ny fahatezeran'Andriamanitra hanaparitaka ny olona, niteraka fisaratsarahana sy ny fikorontanana.

Hatreto ary dia hitantsika ny niavian’ny politeista na ny fivavahana amin'ny andriamanitra

maro. Voamarikao ve anefa fa isika koa nahita resaka momba ny lehilahy iray atao hoe Kosy, izay nomena ny anaram-boninahitra hoe "rain'ny andriamanitra."? Voamarikao ve eto ny foto-kevitry ny angano fahiny fa andriamanitra maneho ny tenany amin'ny olona? Izany no niavian'ny fivavahana amin'ny razana. Noho izany isika dia mety handinika ny tantara mba ahafantarana momba ny fivavahana amin'ny razana. Eny ary, fantatra izao fa Kosy no nampiditra ny fivavahana amin'ny andriamanitra telo, dia ny ray, zanaka sy ny fanahy. Andriamanitra telo izay mitovy. Fa fantany ny momba ny taranak'ilay vehivavy ho avy, noho izany dia tsy maintsy asiana vehivavy sy ny zanany ao amin'ny sary. Nitranga izany rehefa maty Nimroda. Ny vadiny, Semiramis no nanao azy ho hivavahana, ary dia nanao ny tenany ho renin'ny zanaka sy renin'ireo andriamanitra. (Mitovy tanteraka amin'ny fivavahan'ny fiangonana Romana izay mivavaka amin'i Maria. Milaza izy ireo fa izy tsy nanota ary ilay Renin'Andriamanitra.) Izy (Semiramis) nantsoina hoe Nimroda "Zeroashta", izay midika hoe, "ny taranak'ilay vehivavy nampanantenaina". [Zero = taranaka, Ashta = vehivavy, amin'ny fiteny Kaldeana]

Saingy tsy ela loatra ilay vehivavy dia nahasarika ny saina bebe kokoa noho ny zanaka, ary tsy ela izy dia natao ho ilay iray nanosihosy tamin'ny tongony ny menarana. Ny niantsoan'izy ireo azy dia "Ny mpanjakavavin'ny lanitra", ary nanao azy ho masina. Toy ny amin'izao andro izao dia ny Maria renin'i Jesosy, izy nasandratra ho amin'ny tsy fahafatesana ary ankehitriny aza, tahaka ny Septambra 1964 ny filan-kevitra ny Vatikàna dia miezaka ny hanome toetra an'i Maria izay tsy nananany, satria izy ireo te hiantso azy, "Maria Mediatrix," (Maria mpanelanelana) "Maria Renin'ny Mpino Rehetra," na "Renin'ny Fiangonana".

"Raha nisy fivavahana amin'ny razana Babyloniana tao amin'ny fivavahana, dia ny fivavahan'ny Fiangonan'i Roma izany. Tsy vitan'ny hoe tany Babylona no niandohan'ny fivavahana amin'ny razana, fa toy izany koa ny fivavahana amin'ny natiora. Tany Babylona no nahitana ireo andriamanitra niaraka tamin'ny masoandro sy ny volana, sns… Ny lehibe indrindra eo amin'ny natiora dia ny masoandro, izay manana toetra manome hazavana sy hafanana ka lazain'ny olombelona ho toy ny baolina afo any an-danitra. Noho izany ny andriamanitra lehibe dia ny andriamanitra masoandro, izay nantsoin'izy ireo hoe Bala. Matetika ny masoandro dia aseho ho toy ny lelafo faribolana, ary tsy ela manodidina ny lelafo dia nisy menarana. Tsy ela ihany koa ny menarana dia lasa mariky ny masoandro, ary noho izany dia niankohofana. Noho izany ny fanirian'i Satana tao am-pony dia hary elatra tanteraka. Nivavahana tahaka ny Andriamanitra izy. Ny seza fiandrianany niorina. Ny mpanompony niankohoka taminy. Tao Pergamosy amin'ny endriky ny menarana velona no nivavahana taminy. Ny hazo fahalalana ny Tsara sy ny Ratsy ankehitriny dia aseho amin'ny endriky ny menarana velona izay tsy Eva ihany no nofitahany fa ny ankamaroan'ny olona.

Ahoana anefa no nahatonga an'i Pergamosy lasa fitoeran'i Satana raha toa ka i Babylona no misy azy? Ny valiny dia teo amin'ny tantara ihany. Rehefa resin'ny Mediana sy ny Persiana Babylona, ny mpisorona-mpanjaka, Atala (Attalus) nandositra niala ny tanàna ka nankany Pergamosy, niaraka tamin'ireo mpisorony sy ny zava-miafina masina. Tao no nanangany ny fanjakany ivelan'ny Fanjakana Romana, ary niroborobo teo ambany fiahian'ny 'ny devoly.

Izany dia famehezana fohy dia fohy ny tantaran'ny fivavahana tao Babylona sy ny fiaviany tao Pergamosy. Maro ny fanontaniana azo antoka fa mijanona tsy voavaly, ary tena maro, tsy isalasalana fa betsaka no afaka nolazaina mba hanazavana izany amintsika, satria izao dia tsy noheverina ho fianarana ny tantara, fa kosa natao mba ho fanampiana ho amin'ny fianarana ny Teny.

NY FIAMPANGANA.
Apokalypsy 2: 14-15 "Kanefa manan-teny kely aminao Aho, satria efa misy ao aminao ireo izay mitàna ny fampianaran'i Balama, izay nampianatra an'i Balaka hanisy fahatafintohinana teo anoloan'ny Zanak'Isiraely, hihinana hena naterina tamin'ny sampy sy hijangajanga. Ary toy izany koa ireo izay mitàna ny fampianaran'ny Nikolaita, izay zavatra samy halako avokoa."

Ao amin'io vanim-potoana Pergamosy io ny Tompo dia miampanga foto-pampianarana roa izay Halany: 1. Ny fampianaran'i Balama, izay nitondra fanompoan-tsampy sy fahotàna tafahoatra teo amin'ny Isiraely tao Bala-Peora, ary 2. Ny fampianaran'ny Nikolaita izay asa tao amin'ny vanim-potoana Efesianina. Mitambatra izany fiampangana izany miaraka amin'ny zava-misy antitraterina fa Pergamosy dia fitoeran'i Satana, ary dia tena mora sy mazava ny mamaritra fa toa izany ny nifangaroan'ny fivavahana Babyloniana tamin'ny Kristianisma.

Ary ankehitriny izany dia tsy fiheverana fotsiny ihany fa porofo avy amin'ny tantara izay hamarinina amin'ny fijerena ny tantara teo amin'ny 36 A.D. Ary tonga hatrany amin'ny Filan-kevitry ny Nicea, ny taona 325 A.D. Rehefa niparitaka ny Kristianina (indrindra ireo teraka Jiosy) avy tany Jerosalema, dia nandeha na aiza na aiza nitory ny Filazantsara, indrindra tao amin'ny synagoga. Noho izany tao anatin'ny telo taona, na tokony tamin'ny 36 taorian'i Kristy, ny Filazantsara dia nentina tany Roma tamin'ny alalan'i Junius sy Andronika, izay araka ny Romana 16:7 izy ireo dia Apostoly. Niroborobo ny asan'izy ireo nandritra ny taona mandra-pahatongan'ny fifamaliana teo amin'ny samy Jiosy ka nahatonga ny Amperora Claudio handroaka azy ireo hiala tany Roma. Tamin'ny Jiosy voaroaka niala tao amin'izany tanàna izany, ny fototra niorenan'io fiangonana kely io dia saika rava. Eny fa na dia Jiosy aza ireo anti-panahy dia ho lasa tahaka izany. Ny ondry hihahaka ary satria nohon'ny Teny izay mbola tsy voasoratra ho toy ny mpitari-dalana, dia ho tena mora ho an'ireo ondry vitsy ireo ny nisitaka na ho difotry ny filozofia sy ny fanompoan-tsampy tamin'izany andro izany. Ary ny amboadia masiaka mihaza, ny fanahin'ny antikristy navotsotra, dia hitantsika amin'ny tantara fa io fiangonana kely tany Roma io dia nihemotra tamin'ny fahadisoam-panantenana, ary nanomboka nampiditra fombafomban'ny mpanompo sampy eo ambanin'ny lohateny kristianina.

Ary ny vanim-potoanan'ny fandroahana dia naharitra 13 taona, ny mpanorina, Junius sy Andronika tsy niverina raha tsy ny 54 A.D. Eritrereto ny tahotr'izy ireo nahita fiangonana mitondra anarana Kristianina kanefa mpanompo sampy iringiriny. Nisy alitara tao amin'ny fiangonana izay nametrahan'izy ireo ditin-kazo manitra mba hankalazana fombafomba amin'ny sampy. Ny mpitarika voatokana tao amin' izany fiangonana izany dia tsy azo natonina, ka noho ireo vitsivitsy nihazona ny marina dia nanomboka fiangonana vaovao izy ireo, na ny Fiangonana Faharoa tao Roma. Andriamanitra dia niara niasa sy namindra fo tamin'izy ireo tamin'ny famantarana sy ny fahagagana, ka natomboka ihany koa ny fiangonana fahatelo. Ary na dia nokianina fa mpanompo sampy aza ilay Fiangonana Voalohany fa TSY Kristiana amin'ny fanompoam-pivavahana dia tsy kivy fa mbola nihazona ny anarany ary MBOLA MITOETRA ho ilay Fiangonana Voalohany tao Roma -- Ny Eglizy Katolika Romana.

Ary ny ankamaroantsika dia diso hevitra fa izay rehetra miantso ny tenany ho Kristiana dia lasibatry ny devoly ary noho izany dia iharan'izany fitondrana jadona ny fanjakana izany. Fa tsy mba toy izany. Io fiangonana voalohany io dia nanomboka niroborobo sy nitombo isa ka

ny amperora sy ny manam-pahefana isan-karazany ao amin'ny governemanta dia nanome lanja ny fiangonana noho ny antony ara-politika. Noho izany tsapan’ny mpitarika ny Fiangonana Voalohany tany Roma fa nomen-danja izy ireo, dia nararaotiny izany mba handresena lahatra ny fanjakana hanoherana ireo mpino tena marina, nangataka azy ireo henjehina mandra-piveriny ao am-bala. Anankiray amin’ireo eveka tao amin’ny Fiangonana Voalohany tao Roma dia i Anicetus izay velona tany amin'ny taonjato faharoa, ary niara-belona tamin'i Polycarpe. Rehefa henon’ilay zokiolona hajaina Polycarpe fa ny Kristianina Voalohany, Fiangonan'i Roma dia tafalatsaka amin’ny fanompoan-tsampy sy nandoto ny fahamarinan’ny Filazantsara, dia nandeha tany izy mba hitalaho amin’izy ireo mba hiova. Nahita azy ireo izy niankohoka teo anatrehan'ny sarin’ny apostoly sy ny olo-masina. Hitany ny labozia mirehitra sy emboka manitra teo ambonin'ny alitara.Hitany izy ireo nankalaza ny Fetin’ny Mofo tsy misy Masirasira teo ambanin'ny anarana hoe Paska, izay nanandratan’izy ireo ny mofo boribory hanomezany voninahitra ilay andriamanitra masoandro, ary avy eo dia norarahany divay tahaka ny fanatitra aidina ho an'ireo andriamaniny. Fa io olo-masina lahiantitra io, izay nandeha nandeha 2414 kilaometatra tsy afaka nanajanona ny fianjeran’izy ireo any amin’ny lalina. Niteny taminy Andriamanitra raha nandeha hiverina iny izy, "Efraima dia manam-bady ny sampiny, dia avelao izy amin’izao ihany," Hosea 4:15. Tsy niverina tany intsony Polycarpe.

Taorian'i Anicetus dia ilay evekan’i Roma ratsy fanahy antsoina hoe Victor. Izy dia mbola nampiditra bebe kokoa ny fety be amin’ny fanompoan-tsampy tao amin'ny Fiangonana Voalohany, ary koa nandeha niezaka nandresy lahatra ireo fiangonana Kristiana tena marina hiditra amin’izany foto-kevitra izany. Izy ireo dia tsy nety nanao izay nangatahiny noho izany izy dia nanery ny manam-boninahitra tao amin’ny governemanta mba hanenjika ny mpino, hitondra azy ireo ho tsaraina, nanagadra azy ireo ary namono ho faty ny ankamaroany. Ny ohatra amin’izany asa ratsy nataony izany dia hita ao amin’ny tantara tamin’ny nadresen’ny Amperora Septimus Severus lahatra an’i Callistus (naman’i Victor) hamono mpino 7000 tao Tesalonika satria ireo mpino marina ireo dia nankalaza ny Paska, araka ny Tompo Jesosy, fa tsy araka ny fanompoam-pivavahana tamin’i Astarta.

Teo ilay voaloboka sandoka dia efa nivoaka tamin-pahatezerana nanohitra ilay Andriamanitra velona tamin'ny alalan'ny famonoana ny olom-boafidy, eny toy ny nataon’ny razambeny, Kaina namono an’i Abela. Ny Fiangonana marina niezaka ny hanao izay hibebahan’ny Fiangonana Voalohany. Tsy nahavita izany anefa izy. Vao mainka nitombo ny habeny sy ny lazany. Ary nivory mba hanala-baraka ny tena voa marina. Nilaza izy ireo fa izy ary izy irery ihany no tena solontenan'i Jesosy Kristy Tompo, ary nirehareha hoe izy ireo ny fiangonana voalohany tany Roma, ary izy irery ihany no Fiangonana Voalohany. Eny tokoa izy ireo Ny Fiangonana Voalohany, ary MARINA TOKOA FA IZY IREO.

Noho izany tamin’io fotoana vanim-potoan'ny fiangonana fahatelo io dia mahita fiangonana roa mitondra ny anarana iray ihany isika, izay mangidy tokoa ny fahasamihafana misy eo amin’izy roa ireo. Ny iray niala tamin'ny fahamarinana, nanambady sampy ary tsy nanana fiainana intsony tao aminy. Efa nanafangaro ny tenany sy ny famantarana ny fahafatesana izy, (fa tsy ny fiainana), manaraka azy. Feno hery izy miaraka amin’ireo mpikambana marobe. Izao tontolo izao no manome lanja azy. Ilay iray kosa dia vondrona kely iray henjehina, fa izy manaraka ny Teny, ary ny famantarana manaraka azy. Ny marary sitrana, ary ny maty nitsangana. Velona izy nohon’ny Fiainana sy ny Tenin'Andriamanitra. Tsy tia ny fiainany izy fa nihazona ny Anarany sy ny Finoany na dia ho amin'ny fahafatesana aza.

Ary noho izany ny fanenjehana mahatsiravina ofisialy tao Roma dia nihatra tamin’ny mpino tena marina, mandra-pitsangan’i Constantin nanome fahalalahana ara-pivavahana azy ireo. Toa misy antony roa ny nanomezana izany fahafahana ara-pivavahana izany. Voalohany indrindra aloha, amperora tsara isan-karazany no tsy namela fanenjehana, fa rehefa maty izy ireo, dia nandimby 'ireo izay namono ny Kristiana. Tena tsy misy antony izany koa ny farany dia tonga tamin’ny fahatsapan’ny olona fa ny Kristiana tokony avela amin’izay tiany. Ny faharoa ary tsara marihina indrindra dia satria Constantin nanana ady tena sarotra teo anatrehany, izay ny fakana ny fahefana hifehy ny tany rehetra. Indray alina tao amin'ny nofy dia nahita hazo fijaliana fotsy izy niseho teo anatrehany. Nihevitra izy fa izany dia fambara ho azy fa raha mivavaka ho azy ny Kristiana mba handresy, dia ho tafavoaka izy amin'ny ady. Nandresy izy ary ny fahalalahana ara-pivavahana dia nomena tao amin'ny didy tao Nantes ny 312 taorian'i Kristy.

Fa izany fahafahana amin'ny fanenjehana sy fahafatesana izany dia tsy malalaka tahaka ny nisehoany tamin’ny voalohany. Constantin izao no mpiaro. Amin'ny maha-mpiaro azy ny zavatra tadiaviny dia somary mihoatra noho ny an'ny mpanara-maso, satria nanapa-kevitra fa ny fiangonana nila fanampiana avy aminy tao aminy raharahany. Ary hitany izy ireo fa tsy manaiky ny raharaha isan-karazany, ny iray amin’izany dia Arius, evekan'i Alexander, izay nampianatra ny mpikambana ao aminy fa i Jesosy dia tsy tena Andriamanitra, fa ambanimbany kokoa, izay noforonin'Andriamanitra. Ny Fiangonana Tandrefana nihazona ny fijery mifanohitra amin’izany, izay mino fa i Jesosy no tena maha Andriamanitra, araka ny filazan’izy ireo hoe 'mitovy amin'ny Ray.' Teo amin’izany indrindra aza, niaraka tamin'ny fampidirana ny fetin’ny fanompoan-tsampy ho fanompoam-pivavahana, ny amperora dia nampiantso ny Filankevitry ny Nicée-Constantinople tamin'ny 325 amin’ny fiheverana fa hitondra ny vondrona rehetra miaraka izy, izay ahafahan’izy ireo manambatra miaraka ny fahasamihafana misy, ka ho tonga amin’ny firaisan-tsaina hikambanana, ary ny rehetra dia ho iray. Tsy hafahafa ve ny fijerena fa na dia nanomboka tamin'i Constantin aza izany dia tsy maty fa velona indrindra ankehitriny, dia ny “Filan-kevitry ny Fiangonana Eran-tany"? Ary izay tsy vitany, dia ho tratra amin 'izao andro izao amin'ny alalan'ny hetsika iraisam-pinoana. (Écuminique)

Ary ankehitriny io fitsabahan'ny fanjakana amin’ny fiangonana io dia adalana ho an'izao tontolo izao izay tsy mahatakatra na ny fahamarinana hita ao amin'ny Teny na ny lalàn'ny fiangonana. Nahoana ary, ilay fanapahan-kevitra nomen’ny filan-kevitra izay nanambarana fa diso i Arius dia nofoanan’ny amperora roa taona tatỳ aoriana ary nandritra ny taona maro no nanerena ny olona hanaraka izany fampianaran-diso izany.

Fa ny fiarahan’ny fiangonana sy ny fanjakana dia azo antoka fa efa fantatry ny Tompo. Ny dikan’ny anarana hoe Pergamosy dia "nanambady tanteraka". Ary ny fiangonana sy ny fanjakana dia nivady tokoa; ny politika sy ny fivavahana dia tafaray. Ary ny taranaka navoakan’io firaisana io dia mazava ho azy fa grefy mampihoron-koditra indrindra teo amin’izao tontolo izao. Ny fahamarinana tsy ao aminy, fa ny lalan-dratsy rehetra an'i Kaina (fifangaroana voalohany) no tao.

Tsy vitan'ny hoe ny fanjakana sy ny fiangonana ihany no nikambana tamin’io vanim-potoana io, fa ny fivavahana Babyloniana koa dia nikambana tamin'ny fomba ofisialy amin'ny Fiangonana Voalohany. I Satana izany teo dia nanana fahafahana hiditra ao amin’ny Anaran'i Kristy ary izy dia nomena fiandrianana toy ny Andriamanitra ivavahana. Miaraka tamin'ny fanampiana federaly (fanjakana) ny fiangonana dia lasa mpandova ny trano tsara tarehy izay

nisy alitara vita amin'ny marbra fotsy sy sarin’ny olo-masina efa maty. Ary eo amin’ity vanim-potoana ity ilay "bibidia" araka ny Apokalypsy 13:3 izay voalaza fa naratra efa ho faty: (ny Fanjakana Romana mpanompo sampy) kanefa velona indray ary nahery toy ny "Ampira Romana Masina." Roma amin’ny maha firenen’izao tonlo izao azy, dia niharan’ny fandaniana be ary tsy ela dia nampijaly azy tanteraka izany; fa maivana anefa izany ankehitriny satria ny fanjakana ara-pivavahana ao aminy dia hihazona azy ao an-tampony mifehy an'izao tontolo izao avy ao anatiny izay tsy mipoitra ety ivelany izy manao izany.

Mamelà ahy haneho ny tena fahamarinana ara-Baiboly ny amin'izany zavatra izany, satria tsy tiako hisy hieritreritra fa ny tenako no manao izany fanambarana izany-- izay tsy hita ao amin'ny Soratra Masina. Daniela 2:31-45, "Hianao, ry mpanjaka ô, nahita fa, indro, nisy sariolona lehibe anankiray. Izany sary izany dia lehibe sady namirapiratra tsara, nijoro teo anatrehanao izy, ary ny tarehiny dia nampatahotra. Ny lohan'izany sary izany dia volamena tsara, ny tratrany sy ny sandriny dia volafotsy, ny kibony sy ny feny dia varahina, ny ranjony dia vy, ary ny tongony dia vy sy tanimanga. Nijery ianao mandra-pisehon’ilay vato voaendaka, nefa tsy nendahan-tanana, ary namely ilay sary teo amin'ny tongony vy sy tanimanga iny ka nahatorotoro azy. Dia niara-torotoro ny vy, tanimanga,varahina, volafotsy ary ny volamena ka tonga toy ny akofa eo am-pamoloana fahavaratra; ary nopaohin'ny rivotra izy, ka tsy nisy hitoerany, ary ilay vato namely ny sary dia tonga tendrombohitra lehibe nahafeno ny tany rehetra. Izany no nofy, ary holazainay eto anatrehan'ny mpanjaka koa ny heviny. Hianao, ry mpanjaka ô, izay mpanjakan'ny mpanjaka sady nomen'ny Andriamanitry ny lanitra fanjakana hery sy fahefana ary voninahitra. Ka ny zanak'olombelona sy ny bibi-dia ary ny voro-manidina, na aiza na aiza itoerany, dia nomeny ho eo an-tananao, ary nataony ho mpanjakan'izy rehetra ianao, dia ianao izany loha volamena izany. Ary manarakaraka anao dia hisy fanjakana hafa hitsangana ambany noho ny anao, ary hisy fanjakana fahatelo koa izay varahina sady hanam-pahefana amin'ny tany rehetra. Ary ny fanjakana fahefatra dia ho mafy toy ny vy; fa toy ny vy manorotoro sy mahamongomongo ny zavatra rehetra, ary toy ny famakivakin'ny vy ireo rehetra ireo, dia toy izany no hamakivakiany sy hanorotoroany azy. Ary satria hitanao ny tongotra sy ny rantsan-tongotra, fa ny tapany tanimangan'ny mpanefy tanimanga, ary ny tapany vy dia ho fanjakana mizarazara izy; nefa hisy herim-by ao aminy, satria nahita vy miharo tanimanga mbola fotaka ianao. Ary satria ny rantsan-tongotra, ny tapany vy, ny tapany tanimanga, noho izany ny fanjakana dia ho mafy ny ampahany, ary ny ampahany ho vaky. Ary toy ny nahitanao ny vy miharo tanimanga mbola fotaka, dia ho toy izany no hifangaroany amin'ny taranak'olombelona; nefa tsy hitambatra izy, dia toy ny tsi-fetezan'ny vy miharo amin'ny tanimanga. Ary amin'ny andron'ireo mpanjaka ireo Andriamanitry ny lanitra dia hanorina fanjakana izay tsy ho rava mandrakizay; ary izany fanjakana izany tsy havela ho an'olon-kafa, fa ireo fanjakana rehetra ireo dia hotorotoroiny sy holevoniny, fa izy kosa hitoetra mandrakizay. Fa toy ilay nahitanao ny vato nendahana tamin'ny tendrombohitra, nefa tsy nendahan-tanana, sy ny nanorotoroany ny vy, varahina, tanimanga, volafotsy ary ny volamena; dia ampahafantarin'ilay Andriamanitra lehibe ny mpanjaka ny amin'ny zavatra ho avy rahatrizay: marina ny nofy, ary tsy maintsy ho tò ny heviny." Eto dia nambara ny amin’ny ho avy, tantara mbola tsy tanteraka izay faminaniana ho tonga eto an-tany hatramin 'ny andron’i Daniela mandra-pahatongan’i Jesosy hanjaka tahaka ny Zanak'i Davida. Izany dia fantatra amin'ny hoe "Andron’ny Jentilisa." Nanana fizaran-tantara efatra izy tao anatiny izay fantatra amin'ny fanjakana amperora isaky ny fizarany: Babyloniana, Mediana sy Persiana, Grika, Romana. Ny lehibe indrindra sy manao fitondran'olon-tokana indrindra dia ny Babyloniana izay naseho ho toy ny loha volamena. Ny manaraka amin'ny voninahitra dia ny Fanjakana Mediana-Persiana, izay araka ny tantara raha ny marina dia tsy latsadatsaka amin’ny voninahitra ary naseho tahaka ny tratra sy

sandry volafotsy. Ary nanaraka avy eo ny vanim-potoanan'ny Grika izay ny mpanjakany no tena namirapiratra indrindra tamin'ny fitarihan-tafika ara-miaramila teo amin' izao tontolo izao hatramin'izay, dia naseho ho toy ny kibo sy fe varahina izy. Izany dia ambanimbany kokoa ny voninahitra hoarina amin'ireo roa hafa teo alohany. Ny fanjakana farany dia ny Fanjakana Romana izay oharina amin'ny ranjo sy tongotra.

Fa amin'izay nanoharana ireo fanjakana teo aloha tamin'ny mineraly madio izay, (volamena madio, volafotsy sy varahina) ity farany ity dia fanjakana tena vy fa eo amin'ny ranjony ihany, satria rehefa tonga teo amin'ny tongony dia fifangaroan'ny ny vy sy ny tanimanga, ary ny mineraly sy ny tany tsy afaka afangaro ka ho mafy sy hatanjaka. Nefa tsy izany ihany, fa tena ny mahavariana dia io fanjakana farany io (Romana) dia haharitra amin'ny toetrany miavaka `fanjakana mifangaro' mandra-piverin'i Jesosy.

Io Fanjakana Romana vy io (vy midika fahefana sy ny hery lehibe mamotika ireo mpanohitra) dia tsy maintsy natao roa ny fizarany. Ary izany tokoa ara-bakiteny dia ny fanjakana nizara roa -- Atsinanana sy Andrefana. Samy tena mahery, hanorotoro izay rehetra eo anoloany.

Fa satria ny voninahitra sy ny herin'ny fanjakana rehetra dia rava, toy izany ihany koa io fanjakana io dia nanomboka lavo. Noho izany Roma dia lavo. Fiandrianan'i Roma Fanompoan-tsampy dia tsy vy intsony. Nianjera izy. Naratra efa ho faty izy. Kanefa diso hevitra izao tontolo izao, fa io lohany io (Roma), na dia naratra aza tsy nahafaty azy. (Fandikan-tenin'i Wuest ny Apokalypsy 13:3, "Ary ny anankiray amin'ny lohany niseho toa naratra mahafaty, ny tenda voadidy. Ary ny saika nahafaty azy dia sitrana. Ary ny tany rehetra nanaraka ilay Bibidia sady talanjona")

Ny olona mijery an'i Roma. Izy ireo dia mijery ny firenen'ny Italia. Ary raha mijery izy ireo dia tsy tonga saina fa Roma ao amin'ny fefiny izay hentitra, izay misy ny fitoeran'ny papa sy ny momba azy ara-bakiteny dia fanjakana anatina fanjakana, ary manana ambasadaoro sy mandray ambasadaoro izy. KRISTIANA ROMANA PAPALY SANDOKA (eny izy dia efa antsoina hoe ilay tanana mandrakizay-- fitenenan-dratsy an'Andriamanitra) IZAO NO MIFEHY AMIN'NY ALALAN'NY FIVAVAHANA ARY MIHOATRA NOHON'NY TAMIN'NY FANJAKANA ROMANA AMPERORA MPANOMPO SAMPY TEO AMBANIN'ILAY TENA VY NAHERY. Nandray antoka fiainana vaovao Roma rehefa nakamban'i Constantin ny fiangonana sy ny fanjakana ary notohanany an-keriny izany fitambarana izany. Ny fanahy izay nahatonga an'i Roma ho mpanompo sampy dia ilay fanahy iray ihany izay mandrisika ny Kristiana sandoka ankehitriny. Azonao jerena fa izany no izy satria fantatrareo fa ny fanjakana fahefatra dia tsy niala tao amin'ny fisiany; Niova endrika ivelany fontsiny izy.

Raha vao navilin'ny Filankevitry ny Nicée-Constantinople ny fahefan'ny hery politika tao Roma ho amin'ny fiangonana, dia toa ny tsy nisy fetrany izay nalehan'ny Fiangonana Kristiana Voalohany. Ny anarana hoe Kristiana izay nitondra ny fanenjehana tany am-boalohany, ankehitriny dia lasa ny anaran 'ny mpanenjika. Tamin'io vanim-potoana io Augustin avy any Hippone (354-430)- no namoaka ny didy fa ny fiangonana tokony ary TSY MAINTSY hampiasa hery raha ilaina mba hitondrana ny zanany miverina indray ao amin'ny valan'Andriamanitra, ary izany hoy izy dia mifanaraka amin'ny Tenin'Andriamanitra hamono ny mpivadi-pinoana sy ny mpiverin-dalana. Ao amin'io tsy fitovian-kevitra io, tamin'ny Donatista izy dia nanoratra... "Tena tsara tokoa ny olona raha voatarika hanompo an'Andriamanitra amin'ny alalan'ny fampianarana toy izay voatery hanaraka izany amin-tahotra fijaliana, tsy araka izany anefa ny fandehany satria ilay teo aloha efa namokatra ireo

olona tsaratsara kokoa, noho izany izay tsy nanaraka an’io dia notsinotsiniavina. Betsaka ny nahita tombony, (araka ny efa hita, ary isan'andro amin'ny fijerena izany) tamin'ny fanerena tany am-boalohany tamin'ny tahotra sy fanaintainana, noho izany izy ireo dia ho voasariky ny fampianarana, ka manaraka amin'ny asa izay efa nianarany tamin'ny teny ... raha tsara kokoa ireo izay tena voatariky ny fitiavana, dia azo antoka fa maro ireo izay nahitsin’ny tahotra. Fa iza no mety ho tia antsika bebe kokoa noho i Kristy, Izay nanolotra ny Ainy hamonjy ny ondry? Kanefa rehefa avy niantso an'i Petera sy ny apostoly hafa tamin’ny Teniny Izy, rehefa niantso an'i Paoly Izy, dia tsy vitan'ny hoe nanery azy tamin’ny Feony, fa nanosy azy tamin’ny tany tamin’ny Heriny; mba ahafahany mitondra ilay iray izay netim-pahatezerana tao afovoan’ny fahamaizinan’ny tsy finoana mba haniry ilay fahazavan’ny fo. Namely azy voalohany tamin'ny fahajambana ara-batana ny maso Izy. Nahoana ary ny fiangonanana no tsy tokony hampiasa hery amin'ny famerenana ireo zanany very mba hiverina? Ny Tompo mihitsy no nanao hoe: “Mandehana eny amin'ny lalambe sy ny sisim-boly, ary tereo ny olona hiditra any.” Koa raha ny hery izay efa noraisin’ny Fiangonana tamin'ny alalan'ny fanendrena avy amin’Andriamanitra araka ny fotoany, tamin'ny alalan'ny olona mpivavaka sy finoan’ireo mpanjaka, no fitaovana izay nanerena ireo izay hita teny amin'ny lalambe sy ny sisim-boly -- izany dia tao amin’ny fivadiam-pinoana sy ny schisms -- dia aoka tsy ho diso ny fanerena azy ireo."

Ny hetahetan-drà dia nitombo malaky. Ilay voaloboka tsy izy tao Espana ankehitriny dia nihombo-kevitra tamin'ny Emperora Maximus amin'ny fanafihana ny mpino marina, izay nanana ny Teny sy ny famantarana sy ny fahagagana teo aminy. Noho izany dia Priscillianists sasany no nentin’ny Eveka Ithacus (385) tany Treves. Niampanga azy ireo ho mpilalao ody sy mpitondran-tena maloto izy ary maro no novonoina ho faty. Martin de Tours, sy Ambroise de Milan dia nanao fihetsiketsehana nanohitra izany, ka niangavy ny fanenjehana mba hitsahatra kanefa sasa-poana.

Rehefa naharitra ny fanenjehana, ireo eveka roa ireo dia tsy nety nifandray tamin’ny eveka Hydatus sy ny hafa toa azy. Mahagaga ny filazana fa ny Synoda tao Treves dia nanaiky famonoana olona. Nanomboka teo, indrindra fa tamin’ny Vanim-potoanan’ny Fahamaizinana, dia hahita ny zanaky ny nofo manenjika sy mandringana ny zanaky ny Fanahy isika, na dia samy milaza fa iray ihany ny Ray tahaka ny nitranga tamin’i Ismaela sy Isaka. Ny haizin’ny fahapotehana ara-panahy dia miha-lalina ary ny mazava marina an 'Andriamanitra dia miha-tsy hita ka hitsilopilopy ary zara raha ho hita. Kanefa ny teny fikasan’Andriamanitrao dia marina, "Ny mazava mamirapiratra ao amin'ny maizina, ary ny maizina tsy afaka manao na inona na inona momba izany."

Ary hatramin’io fotoana io, dia tsy mbola nitondra io teboka io teo amin'ny tantara izay nolazaiko fa hataoko aho, izany hoe, ny fifamatoran’ny fivavahan'i Nimroda sy ny fivavahana Kristiana. Ho tsaroanareo fa Atala nandositra avy tany Babylona ho any Pergamosy sy nanangana ny fanjakany ivelan'ny Fanjakana Romana. Izany dia niroborobo nandritra ny taona maro, nokolokoloina araka ny andriamanitr'izao tontolo izao. Nifandimby ny mpisorona mpanjaka nanaraka an’i Atala hatramin'ny nanjakan'i Atala III, raha noho ny antony izay fantatra ao amin’ny fiandrianan'Andriamanitra dia nomeny an’i Roma ny fanjakana. Jules César no naka ny fanjakana ara-batana sy ara-panahy satria izy no lasa eveka ambony indrindra (Pontiff Maximus) tao amin’ny fivavahana Babylona ka tonga mpisorona mpanjaka. Izany anaranam-boninahitra izany dia nodimbiasan’ny amperora manaraka mandra-pahatongan'ny andron'i Maxime III izay tsy nety nanaraka izany. Araka ny Fitantaran’i Stevens dia ny papa no nandray ny fahefana an-tampony nolavin'ny amperora, ary amin'izao

fotoana izao dia mbola misy ny eveka ambony indrindra eto amin'izao tontolo izao, ary Izy no tena Pontiff Maximus (eveka ambony indrindra). Manao satro-boninahitra telo izy ary mitoetra ao Roma. Ary ny Apokalypsy 17 Andriamanitra dia tsy miresaka intsony an'i Pergamosy ho fitoeran'i Satana intsony. Tsia, ny efitrano misy ny seza fiandrianana dia tsy any Pergamosy intsony, fa izany dia i Babylona ZAVA-MIAFINA. Tsy any Babylona fa amin'ny Babylona ZAVA-MIAFINA. Izany dia ao amin'ny tanàna misy tendrombohitra fito. Ny lohany dia antikristy satria fa efa nangalatra ny toeran'i Kristy Izay Izy irery ihany no mpanelanelana ary Izy irery ihany no afaka mamela heloka. Eny, Pontiff Maximus (eveka ambony indrindra) dia eto amintsika ankehitriny.

NY FOTOPAMPIANARAN 'NY NIKOLAITA.
Apokalypsy 2:15, "Ary toy izany koa, misy eo aminao izay mitàna ny fampianaran'ny Nikolaita tahaka ny an'ireny, izay zavatra samy halako avokoa."

Ho tsaroanareo fa nentiko nivoaka tao amin'ny Taom-piangonana Efesosy ny teny hoe Nikolaita, izay avy amin'ny teny Grika anakiroa: Nikao izay midika hoe handresy, sy Lao midika hoe mpivavaka tsotra. Nikolaita dia midika hoe, "mba handresy ny lahika". Ary nahoana ary izany no zavatra mahatsiravina toy izany? Zava-mahatahotra, satria Andriamanitra tsy nametraka ny fiangonana eo am-pelatanan'ny mpitarika iray voafidy izay mihetsika amin'ny saina ara-politika. Izy dia nametraka ny fiangonana amin'ny fikarakarana voatendrin'Andriamanitra, feno ny Fanahy, olona velon'ny Teny, izay nitarika ny olona tamin'ny alalan'ny famahanana azy ireo ny Teny. Tsy nanasaraka ny olona ho kilasy Izy mba hahatonga ny vahoaka ho tarihin'ny fisoronana masina. Marina fa ny fitarihana dia tsy maintsy ho masina, saingy tsy maintsy ho toy izany koa ny fiangonana rehetra. Ankoatra izany, tsy misy toerana ao amin'ny Teny izay ny mpisorona na mpanompo na toy izany no manelanelana eo amin'Andriamanitra sy ny olona, na misy toerana izay hisarahan'izy ireo amin'ny fanompoan'izy ireo ny Tompo. Tian'Andriamanitra ho tia sy hanompo Azy miaraka ny rehetra. Ny Nikolaitanisma dia manimba ireo fitsipika ireo, sy mampisaraka ny mpanompon'Andriamanitra amin'ny olona, ary mahatonga ny mpitarika ho tompoina fa tsy mpanompo. Ary raha ny marina izany foto-pampianarana izany dia nanomboka toy ny asa tamin'ny voalohany. Hita fa ilay olana dia mipetraka amin'ny teny roa: `anti-panahy' (Pretra) sy `mpiandraikitra' (Eveka). Na ny Soratra Masina aza dia mampiseho fa misy maro ny zokiolona isaky ny fiangonana, dia nanomboka ny sasany (Ignace tao anatiny) mba hampianatra fa ny hevitra ny eveka dia iray amin'ireo ambony na fahefana manara-maso ny zokiolona. Ary ny fahamarinan'ny raharaha dia ny teny hoe`zokiolona' dia midika ho ilay olona, raha ny teny hoe: eveka 'dia midika ny asan' izany lehilahy izany. Ny zokiolona dia ilay lehilahy. Ny eveka dia ny anjara fanompoany. `Zokiolona' mandrakariva dia ilazàna ny taonan'ny olona iray ao amin'ny Tompo. Izy no anti-panahy, tsy noho ny maha-voafidy na voatendry azy, sns, fa noho izy ANTI-PANAHY. Izy no za-draharaha kokoa, voaofana, tsy zazavao, azo antoka noho ny traikefa sy porofo nijoroany ela amin'ny maha-kristianina azy. Kanefa ny eveka dia tsy nifikitra tamin'ny epistilin'i Paoly, fa izy ireo nankao amin'izay nolazain'i Paoly tamin'ny fotoana niantsoany ny anti-panahy tany Efesosy ho any Mileto ao amin'ny Asan'ny Apostoly 20. Ao amin'ny andininy faha-17 Hoy ny Baiboly, "anti-panahy" no niantsoana azy ireo ary avy eo ao amin'ny andininy faha-28 izy ireo no antsoina hoe mpiandraikitra (eveka). Ary ireo eveka ireo, (Azo antoka fa nanana toe-tsaina ara-politika sy ny fahefana) nanizingizina fa i Paoly efa nanome ny heviny hoe: ny "mpiandraikitra" dia ambony kokoa noho ny anti-panahy eo an-toerana izay manana traikefa ofisialy ihany fa ho an'ny fiangonany. Ho azy ireo ny eveka ankehitriny dia olona iray manana fahefana maro eo amin'ireo mpitarika ao an-toerana. Izany foto-kevitra izany dia tsy araka ny Soratra Masina na

tantara, nefa na dia ny olona lehibe tahaka an’i Polycarpe aza dia niankina tamin'ny fikambanana toy izany. Noho izany, ilay nanomboka toy ny asa tao amin'ny taona voalohany dia natao foto-pampianarana ara-bakiteny, ary tahaka izany amin'izao andro izao. Ny eveka mbola milaza fa manana fahefana hifehy olona sy hanao azy ireo araka ny faniriany, mametraka azy ireo amin’izay toerana tiany eo amin'ny asa fanompoana. Izany dia mandà ny fitarihan’ny Fanahy Masina izay milaza hoe: "Atokàny ho Ahy i Paoly sy Barnabasy hanao ny asa izay efa niantsoako azy." Manohitra ny Teny izany ary anti-Kristy. Matio 20: 25-28, "Fa Jesosy niantso ireo hankeo Aminy ka nanao hoe: Fantatrareo fa ny andrianan'ny Jentilisa mampanompo hanapaka azy ireo, ary ny lehibeny dia mifehy azy. Fa tsy mba ho toy izany aminareo; fa izay te-ho lehibe aminareo dia ho mpanompo anareo; Ary izay te-ho ambony indrindra aminareo dia ho mpanomponareo; Fa tahaka izany, ny Zanak'olona tsy tonga mba hotompoina, fa mba hanompo ka hanolotra ny Ainy ho fanavotàna hisolo ny maro." Matio 23: 8-9,"fa aza mety antsoina hoe Raby ianareo; fa Iray ihany no Mpitarika anareo, dia Kristy; ary ianareo rehetra dia mpirahalahy. Ary aza milaza olona ho rainareo eto an-tany; fa iray ihany no Rainareo, dia Izay any an-danitra."

Mba hanazavana izany bebe kokoa, dia aoka aho hanazava ny Nikolaitanisma toy izao manaraka izao. Tadidinao fa ao amin'ny Apokalypsy 13:3 dia milaza hoe: "Ary hitako ny lohany anankiray, izay toa voa ka efa ho faty; ary ny fery saika nahafaty azy sitrana; ary gaga ny tany rehetra nanaraka ilay bibi-dia." Ary fantatsika fa ilay loha naratra dia ny Fanjakana Romana mpanompo sampy, dia ny hery lehibe ara-politika. Nitsangana indray izany loha izany toy ny "Fanjakana ara-panahy Katolika". Ary araho tsara izany ankehitriny. Inona no nataon’ny mpanompo sampy ara-politika ary fototry ny fahombiazany? Hoy izy, "Zarazarao hanjakàna" Izany no taranak 'i Roma - fizarana mba hanjakàna. Ny nifiny vy nandrovitra ka nandrapaka. Izay notriariny sy narapany dia tsy afaka niarina tahaka ny nandringanany an’i Carthage ary nopotehiny tahaka ny sira. Izany voa vy izany dia mijanona ao aminy rehefa mitsangana ho toy ny fiangonana sandoka izy, ary ny politikany mbola ho toy izany koa -- zararao hanjakana. Izany no Nikolaita ary Andriamanitra mankahala izany.

Ankehitriny dia tsara fantatra ara-tantara ity fahadisoana ity rehefa nisoko niditra ny fiangonana, ny olona nanomboka nifaninana ny ahazo anjara fanompoan'ny eveka, ary ny vokany, io toerana io dia natao ho ny nahita fianarana kokoa sy ny manan-katao ary lehilahy mahay politika. Ny fahalalan’ny olombelona sy ny fandaharana dia nanomboka nisolo ny toeran’ny fahendrena avy amin'Andriamanitra ary ny Fanahy Masina dia tsy nihefy intsony. Izany dia tena loza tokoa, satria ny eveka dia nihazona fa tsy takiana ny toetra amam-panahy Kristianina mangarahara raha hanao fanompoam-pivavahana, na amin’ ny Teny na fombam-pivavahana ao amin'ny fiangonana satria ny lanonana sy izay ilaina no mikaonty. Izany dia namela ny olon-dratsy (ny mpamitaka) hampisaraka ny ondry.

Tao amin’ny fotom-papianarana (doctrine) moba ny fanandratana eveka amin'ny toerana tsy nomena azy ireo ao amin'ny Soratra Masina, ny dingana manaraka dia ny fanomezana ny gradin’ny anaram-boninahitra izay mitondra mankany amin’ny anatanan-tohatra ara-pivavahana; fa tsy ela dia nisy arseveka ambonin’ny eveka sy ny kardinaly ambonin’ny arseveka, ary tamin’ny andron’i Boniface III dia nisy papa ambonin’ny rehetra, ny eveka ambony indrindra (Pontiff).

Ahoana ny momban’ny foto-pampianarana Nikolaita sy ny firaisan’ny Kristianisma amin'ny Babylonianisma, ny valiny mazava dia izay hita ao amin’ny Ezekiela tao amin'ny Toko faha 8:10, "Dia niditra aho ka nahita, ary indreo rehetra endriky ny biby mandady sy mikisaka, ary

ny biby izay fahavetavetana, sy ny sampin'ny taranak'Isiraely, voasoratra teo amin'ny rindrina manodidina." Apokalypsy 18:2, "Dia niantso mafy izy, tamin'ny feo mahery ka nanao hoe: Babylona lehibe dia lavo,nianjera, ka tonga fonenan'ny devoly, sy famaharan'ny fanahy maloto rehetra, ary tranon'ny vorona maloto rehetra sy vorona feno fankahalana, fa ny firenena rehetra dia nigoka ny divain'ny fahatezerana noho ny fijangajangany."

Ary noho izany io fampianarana Nikolaita io, ity fitsipika izay naorina teo amin'ny fiangonana ity dia tsy tena nahavoa azy hiala tanteraka satria be dia be ny olona no afaka namaky ilay epistily hafahafa na lahatsoratra momba ny Teny nosoratan'ny olona sasany matahotra an'Andriamanitra. Dia inona ary no nataon' ny fiangonana? Noroahiny ny mpampianatra marina ary nodorany koa ny horonam-boky. Ary hoy izy ireo: "Mila fanabeazana manokana raha hamaky sy hahatakatra ny Teny. Nahoana i Petera no nilaza fa zavatra maro amin'ny nosoratan'i Paoly no sarotra takarina." Rehefa nesorina tamin'ny olona ny Teny, dia tsy ela dia lasa mihaino fontsiny ny olona, dia izay lazain'ny mpisorona, ary manao izay lazainy. Izany hoe Andriamanitra sy ny Teniny masina no hiantsoany azy. Nalainy ny saina sy ny fiainan'ny olona ka nanao azy ireo ho andevon'ny fisoronana jadona.

Ary raha tianao ho porofoina fa ny Fiangonana Katolika dia mitaky ny fiainan'ny olona sy ny sainy, dia henoy fontsiny ity didin'i Théodosiosy X ity. Didy Voalohany an'i Théodosiosy'.

Io didy io dia navoaka avy hatrany rehefa avy natao batisa tao amin'ny Fiangonana Voalohany tao Roma izy. "Izahay amperora telo dia manaiky fa ny foto-kevitray dia mifikitra tanteraka amin'ny fivavahana nampianarin'i Masindahy Piera ho an'ny Romana, izay efa narovana tamim-pahatokiana tamin'ny alalan'ny fomban-drazana ary amin'izao fotoana izao dia ambaran'ny eveka ambony indrindra, Damasosy n'i Roma, Petera, evekan'i Aleksandria, lehilahy manana ny fahamasinan'ny Apostoly araka ny fanorenan'ny Apostoly, sy ny fampianarana ny Filazantsara, aoka isika hino Andriamanitra iray, dia ny Ray, ny Zanaka, ary ny Fanahy Masina, izay mitovy voninahitra ao amin'ny Trinite Masina. Mametraka isika fa ny mpikambana ao amin'izany finoana izany no hatao hoe Kristiana Katolika; ary ireo mpanaraka fivavahana hafa tsy manan-tsafidy dia hataontsika amin'ilay anarana ratsy hoe mpivadi-pinoana, ary mandràra ny fivorian'izy ireo izay hitondran'ny anaran'ny fiangonana. Ankoatran'ny fanamelohana avy any ambony, dia tsy maintsy manantena ny famaizana mavesatra amin'ny fahefantsika izay tarihin'ny saina avy any an-danitra hampiarina amin'izy ireo..."

Ny famaizan-dalana dimy ambinifolo navoakan'io mpanjaka io dia tanatin'ny taona maro no nanala ny zon'ny evanjelisitra rehetra hampiasainy amin'ny fivavahany, nanavaka azy ireo tamin'ny raharaha sivily rehetra, ka nandrahona azy ireo tamin'ny lamandy, fanagiazana, fandroahana ary amin'ny toe-javatra sasany aza dia ny fahafatesana. Fantatrao ve hoe inona? Mitodi-doha amin'izany lalana izany isika ankehitriny.

Ny Eglizy Katolika Romana dia milaza ny tenany ho Fiangonana Reny. Miantso ny tenany ho ilay fiangonana voalohany izy. Tena marina tokoa izany. Izy no Fiangonana Voalohany tany Roma izay niverin-dalana ka niditra tao amin'ny fahotàna. Izy no voalohany izay nandamina. Tao aminy no nahitàna ny asa sy foto-pampianarana Nikolaita. Tsy misy olona afaka handà fa izy no reny. Izy no reny ary niteraka zazavavy izy. Ary ankehitriny dia misy zanaka vavy avoakan'ilay vehivavy. Vehivavy iray mirakotra mena nipetraka teo amin'ny havoana fito any Roma. Izy ilay mpivaro-tena niteraka zazavavy. Ireo zazavavy ireo dia ny fiangonana Protestanta izay nivoaka avy tao aminy ary avy hatrany dia miverina any amin'ny

fandaminana (organisation) sy ny Nikolaitanisma. Io Renin’ny zanakavavy-fiangonana io no antsoina hoe vehivavy janga. Izy ilay vehivavy tsy nihazona ny voady mariaziny. Nanambady an'Andriamanitra izy kanefa avy eo dia lasa nijangajanga tamin'ny devoly, ary tamin’ny nijangajangany dia namoaka zanakavavy tahaka azy izy. Ny fikambanan’io reny sy zanany vavy io dia fanoherana ny Teny, manohitra ny Fanahy, ary noho izany anti-Kristy. Eny, ANTIKRISTY.

Ary alohan'ny handehanako lavitra loatra dia tiako ny milaza fa ireo eveka tany am-boalohany ireo nihevitra fa izy ireo dia mihoatra noho ny Teny. Nilaza tamin'ny olona izy ireo fa afaka mamela ny fahotany amin 'ny fibabohana ny fahotana.Tsy marina velively izany. Nanomboka nanao batisa zaza izy ireo tamin'ny taonjato faharoa. Raha ny marina dia batisan’ny fiterahana indray no nataon’izy ireo. Tsy mahagaga raha afangaron’ny olona izany amin'izao fotoana izao. Raha nafangaron’izy ireo izany izay tena tao akaikin’ny Pantekosta, ankehitriny dia lasa ao anatin'ny toe-javatra mampamoy fo indrindra, 2000 taona miala amin’ny fahamarinana voalohany. Oh, ry fiangonan'Andriamanitra, iray ihany ny fanantenana. Miverena amin'ny Teny, ary mitoera miaraka Aminy.

NY FAMPIANARAN'I BALAMA.
Apokalypsy 2:14: "Kanefa manan-teny kely aminao Aho, fa misy eo aminao izay mitàna ny fampianaran'i Balama, ilay nanome fo an'i Balaka hanisy fahatafintohinana teo anoloan'ny Zanak'isiraely, hihinana hena naterina tamin'ny sampy sy hijangajanga.”

Ankehitriny raha manana fomba Nikolaita ao amin'ny Fiangonana ianao tsy maintsy manana ilay fampianarana iray hafa koa. Hitanareo, raha manaisotra ny Tenin'Andriamanitra ianao sy ny fihetsehan'ny Fanahy ho toy ny fitaovam-pivavahana (izay mivavaka Amiko tsy maintsy mivavaka amin'ny Fanahy sy fahamarinana) dia tsy maintsy hanome ny olona endrika fivavahana hafa ho solony, ary ny fanoloana dia midika ho Balamisma.

Raha tiantsika ny hahatakatra ny zavatra momba ny fampianaran'i Balama ao amin'ny fiangonan’ny Testamenta Vaovao dia tsara isika raha miverina ka hijery izany tao amin'ny fiangonan’ny Testamenta Taloha, ary hampihatra izany amin’io taom-piangonana fahatelo io tary avy eo dia mitondra izany miakatra ho amin'ny ankehitriny.

Ny tantara dia hita ao amin'ny Nomery Toko 22 hatramin'ny 25. Ary fantatsika fa ny Isiraely no vahoaka voafidin'Andriamanitra. Izy ireo no Pantekosta tamin’ny androny. Nialoka teo ambanin’ ny rà izy ireo, natao batisa tao amin'ny Ranomasina Mena izy rehetra, niakatra avy tao amin'ny rano nihira ao amin'ny Fanahy ary nandihy teo ambany ny herin'ny Fanahy Masina, raha i Miriama, ilay mpaminanivavy nitendry ny ampongatapaka. Eny, rehefa nandeha ny Zanak'Isiraely dia tonga tany Moaba. Tsaroanareo izay i Moaba izay. Izy no zanak'i Lota iray avy amin’ny zanany vavy, ary Lota kosa dia zana-drahalahin'i Abrahama, noho izany Israely sy Moaba dia misy hifandraisany. Tiako ny hahitanareo izany. Ny Moabita nahalala ny fahamarinana, na niainany izany na tsia.

Rehefa nanontany an'Andriamanitra Balama ny amin’ny fahazoan-dalana ny handeha, niodina taminy Andriamanitra. Oadray tena nanindrona izany! Fa Balaka nanitrikitrika, nampanantena azy valim-pitia lehibe kokoa ary voninahitra. Noho izany dia nandeha tao amin’Andriamanitra indray Balama. Ankehitriny ary, valiny iray avy amin'Andriamanitra dia tokony ho ampy. Nefa tsy ho an’i Balama ilay mpitompo teny fantatra izany. Ary rehefa hitan'Andriamanitra ny fahavetavetany, dia nilaza taminy Izy mba hitsangàna ka handeha.

Vetivety dia nanisy lasely ny boriky izy ka lasa. Tokony ho tonga saina izy fa navelan’Andriamanitra fotsiny izany noho ny Sitrapony manome fahafahana, ary izy tsy ho afaka ny hanozona azy ireo na dia in-droapolo aza izy no nandeha sy nanandrana in-droapolo. Ny olona amin'izao andro izao dia tena mitovy amin’i Balama! Mino Andriamanitra telo, izy ireo, natao batisa tamin'ny anaram-boninahitra telo, fa tsy tamin’ilay ANARANA, kanefa Andriamanitra dia handefa ny Fanahy eo amin’izy ireo tahaka ny Nataony tamin’i Balama,mitohy amin’ny finoana izy ireo fa tena marina ny azy, ary eto izy ireo tena Balaamita tanteraka. Jereo ny fampianaran'i Balama. Mirosoa ihany na dia izany aza. Ataovy amin’ny lalanao. Hoy izy ireo: "Eny, Andriamanitra efa nitahy antsika. Tsy misy atahahorana ny amin’io." Fantatro fa efa nitahy anao Izy. Tsy mandà izany aho. Fa izany ny lalan’ny fandaminana (organisation) mitovy amin’ny nalehan’i Balama. Fihantsiana ny Tenin'Andriamanitra izany. Fampianaran-diso izany.

Dia nandeha Balama tamin-kiribiby nidina ny lalana, raha indro ny anjely avy amin'Andriamanitra nitsangana teo amin'ny lalany. Fa io mpaminany io (eveka, kardinaly, mpitari-draharaha, ny Filoha sy ny mpiandraikitra ankapobeny) dia tena jamba ny amin’ny zavatra ara-panahy nohon’ny eritreritra, haja, voninahitra ary ny vola ka tsy afaka nahita ilay anjely nijoro miaraka amin'ny sabatra eny an-tanany. Teo izy no nitsangana mba hanakana ity mpaminany adala.Ilay boriky nahita azy ka niala niverina ary farany dia toron’ny rindrim-bato ny tongotr'i Balama. Nijanona ilay boriky ka tsy nety nandeha. Tsy afaka. Ary Balama nitsambikina ka nanomboka nikapoka azy. Ary ny boriky nanomboka niresaka tamin'i Balama.Navelan’ Andriamanitra niresaka amin'ny fiteny tsy fantatra ilay apondra. Tsy mifangaro (hybride) ilay boriky, tena ilay voa tany am-boalohany izy. Ary hoy izy tamin'ilay mpaminany nohajambaina, "Moa tsy borikinao ve aho, ary nentinao tamim-pahatokiana hatramin’izao?" Balama namaly hoe: "Eny, eny, ianao no ampondrako ary nitondra ahy amim-pahatokiana mandraka ankehitriny, ary raha tsy afaka mampandeha anao aho dia ho vonoiko ianao... Oadray! inona izany, niresaka tamin'ny boriky? Mampihomehy, nieritreritra aho hoe nandre ilay boriky niresaka ka dia namaly azy io indray."

Andriamanitra dia miresaka amin'ny fiteny tsy fantatra mandrakariva. Niresaka tamin'ny fetin’i Belsazara Izy, avy eo tamin’ny Pantekosta. Mbola manao izany indray Izy amin'izao fotoana izao. Fampitandremana amin’ny fitsarana ho avy tsy ho ela izany.

Ary ny anjely dia natao ho hita maso tamin'i Balama. Nilaza tamin'i Balama izy fa raha tsy ny ampondra dia efa maty izy ankehitriny fa naka fanahy an'Andriamanitra. Fa rehefa Balama nampanantena ny hiverina Balama,dia nalefa niaraka tamin'ny fananarana mba tsy hilaza afa-tsy izaynomen’Andriamanitra azy ihany.

Dia nandeha Balama nidina ka nanangana alitara fito ho an'ny biby madio hatao sorona. Ary namono ondrilahy izy nanambara ny fiavian'ny Mesia. Fantany ny zavatra tokony hatao mba hanatonana an'Andriamanitra. Nanana ny haihetsika tsara izy; fa tsy ny fihetsehana; toy ny amin’izao. Tsy hitanareo izany ry Nikolaita? Teo ny Isiraely tery an-dohasaha manolotra ny sorona mitovy, manao zavatra mitovy, fa iray ihany no nanana ny famantarana izay nanaraka azy. Andriamanitra iray ihany no teo afovoan’izy ireo. Ny fombafomba dia tsy mitondra anao mankaiza. Tsy afaka maka ny toeran'ny fihetsehan’ny Fanahy izany. Izany no nitranga tao Nicée. Noraisiny ny fampianaran’i Balama, fa tsy ny fampianaran’Andriamanitra. Ary tafintohina izy ireo ka lavo. Lasa olona maty izy ireo.

Rehefa natao ny fanatitra, Balama dia vonona ny haminany. Fa Andriamanitra namatotra ny

lelany ka tsy afaka manozona azy ireo izy. Nitso-drano azy ireo izy.

Balaka dia tezitra mafy,fa tsy nisy na inona na inona azon'i Balama natao momba momba ny faminaniana. Efa nolazain'ny Fanahy Masina izany. Ary Balaka nilaza tamin'i Balama mba hidina ambany, eny an-dohasaha, ka hijery ny ivohony mba hahitàna raha nisy fomba mety hahafahany manozona azy ireo. Ny paikadin'i Balaka dia mitovy amin'ny ampiasaina ankehitriny. Ny anaram-piangonana lehibe mijery ambany ireo vondrona kely, ary na inona na inona hitany eo amin'izy ireo mba hiadivany aminy dia lazainy izany ary tabatabainy. Raha ny maoderina no miaina ao anatin'ny fahotana, dia tsy misy milaza na inona na inona momba azy; fa aoka ny anankiray amin'ny olom-boafidy no misy olana, ny gazety rehetra dia manely izany manerana ny firenena. Eny, ny Isiraely dia nanana ny faritra ivohony (ara-nofo). Nanana ny lafiny izay tsy mendri-piderana izy ireo; fa na dia eo aza ny tsy fahalavorariany, araka ny fikasan'Andriamanitra, izay miasa amin'ny alalan'ny fifidianana, amin'ny fahasoavana fa tsy avy amin'ny asa, NANANA NY RAHONA IZY IREO NY ANTOANDRO ARY NY ANDRI-AFO NY ALINA, NANANA NY VATOLAMPY NOKAPOHINA IZY IREO, NY MENARANA VARAHINA SY NY FAMANTARANA ARY NY FAHAGAGANA. Nohamarininaa izy ireo-tsy ao amin'ny tenany, fa ao amin'Andriamanitra.

Andriamanitra tsy misy fanajana an'ireo Nikolaita ireo, miaraka amin'ny PhD, LLD sy DD sy ireo fikambanany raitra rehetra, sy izay tsara indrindra afaka hireharehan'ny olona iray; fa Izy nankasitraka an'i Isiraely, satria izy ireo nanana ny Teny voamarina teo aminy. Azo antoka fa Israely tsy namiratra ny fijery azy, vao avy nivoaka avy tany Egypta tamin'ny fandosirana maika, kanefa izy dia vahoaka voatahy ihany na dia izany aza. Ny hany fantany mihoatra ny 300 taona mahery dia ny niandry ondry aman'osy, mikarakara saha sy manompo amin-tahotra fahafatesana teo ambanin'ny Egyptiana. Fa afaka izy izao. Izy dia vahoaka voatahy nohon'ny fiandrianan 'Andriamanitra. Azo antoka fa Moaba nanambany azy ireo. Ny firenen-kafa rehetra koa toy izany. Ny fikambanana mandrakariva dia manambany ny tsy mpikambana na manapa-kevitra ny hitondra azy ho eo amin'ny fikambanana, na hamotika azy raha tsy mety.

Ary mety misy olona hanontany ahy, "Rahalahy Branham, nahoana ianao no mihevitra fa Moaba fikambanana (organisation) kanefa ny Israely tsia? Taiza no nahazoanao izany hevitra izany?" Teto, ao amin'ny Baiboly no nakako izany. Izy rehetra dia miseho amin'ny ohatra eto avokoa. Ny zavatra rehetra voasoratra ao amin'ny Testamenta Taloha izay ao amin'ny endrika tantara dia voasoratra ho fananarana antsika mba hahafahantsika mianatra avy amin'izany. Eto izao ao amin'ny Nomery 23:9, "Avy eo an-tampon'ny vatolampy no Ahitako azy, ary eto amin'ny havoana no itazanako azy; indro vahoaka MITOKA-MONINA izy, ary TSY HATAO HO ISAN'NY JENTILISA." Izay ilay izy. Andriamanitra mijery avy eny an-tampon'ny harambato, fa tsy eny amin'ny lohasaha mizaha ny haratsiany sy manameloka azy. Andriamanitra nahita azy ireo tamin'ny fomba tiany Hahitany azy-- avy any amin'ny fitiavana sy ny famindram-po, izay avo.

Nonina IRERY izy ireo fa tsy mba voalamina. Tsy nanana mpanjaka izy. Nanana mpaminany izy, ary ny mpaminany dia nanana an'Andriamanitra tao aminy amin'ny alalan'ny Fanahy; ary ny Teny dia tonga tao amin'ny mpaminany, avy eo ny Teny nankany amin'ny olona. Tsy mpikambana amin'ny U.N. izy. Tsy isan'ny Filan-kevitry ny Fiangonana Eran-tany izy, ny Batista, Presbyteriana, ny Assemblée de Dieu, na vondrona hafa. Tsy mila mila mikambana amin'izany izy. Andriamanitra no iraisany. Tsy mila torohevitra avy amina filan-kevitra izy-- izy ireo dia manana ilay hoe "Izao no lazain'i Jehovah Tompo" eo anivony. Haleloia!

Ary na dia eo aza ny zava-misy fa Balama nahalala ny fomba mety nanatonana an'Andriamanitra ary afaka namoaka fanambarana avy amin'ny Tompo tamin'ny alalan'ny fanomezana fahefana manokana, na dia teo aza izany rehetra izany dia mbola ilay eveka ao amin'ny vondrona diso ihany izy. Fa inona no nataony tao, mba hahazoana sitraka tamin'ny Balaka? Nanao drafitra izy mba hanery an' Andriamanitra hamono an' Isiraely. Tahaka an'i Satana nahalala fa afaka hamitaka an'i Eva (hahatonga azy ho lavo amin'ny ota ara-nofo) ka nahatonga an'Andriamanitra hanao fanamelohana amin'ny fahafatesana nohon'ny ota, ka Balama nahafantatra fa raha afaka mahazo ny Isiraely amin'ny ota izy, Andriamanitra tsy maintsy hahatonga azy ireo ho faty. Dia nanomana fomba iray izy mba hahatongavan' izy ireo hiray amin'ny ota. Nandefasany fanasana izy ireo ho tonga amin'ny andro firavoravoana hankalazana an'i Bala-peora [andriamanitry ny Moabita] (tongava mivavaka miaraka aminay). Ary ny Israely, tsy isalasalana, fa nahita ny fivavahan'ny Egyptiana ka tsy dia nahatsapa loatra ny fahadisoana raha handeha ka hijery fotsiny, na angamba mba miara-mihinana amin'ny olona ao. (Inona no maharatsy ny fiarahana e? Tokony ho tia azy ireo isika,sa tsy izany, na ahoana no hifandraisantsika amin' izy ireo?) Ny hoe finamanana tsy mbola nandratra olona --dia tahaka izany no tao an-tsain'izy ireo. Fa raha vao nanomboka nandihy iretsy vehivavy Moabita mampiseho fitanjahana (sexy), sady manala ny akanjony rehefa manao ny rock & roll sy ny twist, niakatra ny filàna tao amin'ny Israelta ka voasarika tamin'ny fijangajangana ary Andriamanitra tamin'ny fahatezerany dia namono 24 000 tamin'izy ireo.

Ary inona no nataon'i Constantin sy ny mpandimby azy tany Nicée sy taorian'ny Nicée. Nanasa ny olon'Andriamanitra izy ireo ho ao amin'ny fivoriambe. Ary raha ny fiangonana nipetraka hihinana dia nitsangana hilalao (fandraisana anjara amin'ny fomban'ny fiangonana, fankalazana makotrokotroka sy fetin'ny mpanompo sampy mitondra ny anaran'ny fomba kristianina), voafandrika izy ireo;nijangajanga. Ary Andriamanitra nivoaka.

Raha misy mitodika amin'ny Tenin'Andriamanitra sy lasa mpikamban'ny fiangonana fa tsy ny fandraisana ny Fanahy Masina, dia maty izany olona izany. Maty! Izany no momba azy. Aza mikambana amin'ny fiangonana. Aza miditra any amin'ny fandamindaminana, avy eo dia voaray ao amin'ny fanekem-pinoana sy ny fomban-drazana, na zavatra maka ny toeran'ny Teny sy ny Fanahy, dia maty ianao. Vita tanteraka. Maty ianao. Tafasaraka amin'Andriamanitra mandrakizay!

Izany no zava-nitranga tamin'ny vanim-potoana rehetra. Andriamanitra manafaka ny olona. Mivoaka amin'ny alalan'ny rà izy ireo, hamasinin'ny Teny, nandehana nitety ny ranon'ny batisa, ary lasa feno ny Fanahy; fa rehefa afaka fotoana fohy, mihamangatsiaka ny fitiavana voalohany ka dia misy olona mihevitra fa tokony hikarakara (oraganise) mba hiarovana ny tenany sy hanaovany anarana ho an'ny tenany, ka dia nandamina tena tsara ireo tao amin'ny taranaka faharoa, na mety teo alohan'izany aza. Tsy nanana ny Fanahin'Andriamanitra intsony izy ireo, fa endriky ny fombafomba fivavahana fontsiny sisa. Maty izy ireo. Efa nanafangaro ny tenany amin'ny fanekem-pinoana sy ny endrika, ka tsy misy aina intsony ao aminy.

Noho izany Balama dia nahazo ny Isiraely hijangajanga. Fantatrao ve fa ny fijangajangana ara-batana dia tena Fanahy iray ihany izay mipetraka ao amin'ny fivavahana voalamindamina? Hoy aho hoe, ny fanahin'ny fijangajangana no fanahin'ny fandaminana (fikambanana). Ary ny mpijangajanga rehetra dia hanana ny toerany ao amin'ny farihy afo. Izany no fihevitr' Andriamanitra ny amin'ny fandaminana (organisation). Eny tompoko, ilay

vehivavy janga sy ny zanany vavy ho ao amin'ny farihy afo.

Ny anaram-piangonana dia tsy mba avy amin'Andriamanitra. Na oviana na oviana, ary tsy ho izany mihintsy. Tena fanahy ratsy mampisaraka ny olon’Andriamanitra ho ambaratongam-pahefana sy laika; ary noho izany izy dia, fanahy ratsy izay manasaraka ny olona amin'ny olona. Izany no ataon’ny fikambanana sy ny anaram-piangonana. Tamin'ny fandaminana izy ireo no niala tamin’ny Tenin'Andriamanitra, ka nitondra ny tenany ao amin’ny fijangajangana ara-panahy.

Jereonareo fa Constantin dia nampanao fetibe manokana ho an'ny vahoaka. Izany dia ireo fetin’ny mpanompo sampy fahiny miaraka amin'ny anarana vaovao nalaina tao amin'ny fiangonana, na amin'ny tranga sasany nalaina ny fombafomba Kristiana dia nararaotina nampiarahana tamin'ny fomban’ ny mpanompo sampy.Nalainy ny fivavahana amin'ny andriamanitra masoandro ka novainy ho ilay Zanak 'Andriamanitra. Raha tokony mankalaza Desambra 21, izay fankalazany andro firavoravoana ho an'ny masoandro andriamaniny, dia nataony ho amin'ny 25 Desambra ka nantsoiny hoe ny nahaterahan’ny Zanak'Andriamanitra. Fa fantatsika fa Aprily Izy no teraka amin’ny fotoana ivoahan’ny fiainana, fa tsy Desambra. Ary izy ireo naka ny andro firavoravoana ho an'i Astarta, ary nomeny anarana hoe fankalazana ny Paka izay ny Kristianina no tokony hankalaza ny fahafatesana sy fitsanganan'ny Tompo. Ny tena marina dia andro firavoravoana fanopoan-tsampy ho an’i Astarta izany.

Nasian’izy ireo alitara tao am-piangonana. Napetrany ireo sary. Dia nomeny ny vahoaka ilay antsoina hoe fanekem-pinoan’ny Apostoly izay tsy hita ao amin'ny Baiboly. Nampianatra ny olona hivavaka amin'ny razana, ary izany dia mametraka ny Eglizy Katolika Romana ho fiangonana ara-panahy (spiritisme) lehibe indrindra eo amin'izao tontolo izao. Ny vorona maloto rehetra maloto dia tao avokoa. Ary ho hitanao ao ny Protestanta sy ny fikambanany izay tsy misy hafa amin’izany no ataony.

Ary nihinana zavatra natao sorona ho an'ny sampy izy ireo. Ary tsy milaza aho eto fa tena dia midika ara-bakiteny izy ireo fa nihinana ny hena natao sorona ho an'ny sampy. Fa na dia nanohitra izany aza ny filan-kevitra tao Jerosalema, dia tsy nanisy resaka betsaka ny amin’izany Paoly, araka ny nolazainy fa ny sampy hoy izy dia tsy misy dikany.(1 Kor:8) Ny fieritreretana ihany no mitondra an’io raha tsy hoe manafintohina ny rahalahy malemy kokoa, noho izany dia voarara. Ankoatra izany, ity fanambarana ity dia natao ho an’ny Jentilisa fa tsy ny Jiosy satria Fiangonan’ny hafa firenena ireo. Hitako izany ao amin'ny fahazavana iray ihany, hitako ny tenin' ny Tompo: "Raha tsy mihinana ny Nofoko sy misotro ny Ràko ianareo dia tsy manana fiainana ao aminareo. Ny olona tsy ho velona amin'ny mofo ihany fa amin’ny teny rehetra izay aloaky ny vavan'Andriamanitra." Hitanareo amin’izany aza fa ny mihinana dia mandray anjara amin'ny heviny ara-panahy. Ary raha niankohoka tamin'ny sary ireo olona ireo, mandrehitra labozia, manao fomba ny fetin’ny sampy, miaiky ny fahotany amin’ny olona (izay an'ny devoly daholo izany fivavahana izany), dia mandray anjara amin'ny devoly izy fa tsy amin’ny Tompo. Ao amin'ny fanompoan-tsampy izy ireo na nanaiky izany na tsia. Afaka milaza izay rehetra tiany lazaina izy ao amin’ny alitara, ary ny ditin-kazo manitra dia hampahatsiahy azy ireo fontsiny ny vavaky ny Tompo, na izay rehetra mety handikan’izy ireo izany; ary afaka milaza izy ireo fa rehefa mivavaka eo anoloan'ilay sary dia ho fanamafisana fontsiny; ary izany dia rehefa mikaofesy amin’ny mompera izy, tena ho an'Andriamanitra no hanaovan’izy ireo izany ao am-pony, ka rehefa milaza izy fa ny mpisorona mamela heloka azy, dia satria izany ataony amin'ny Anaran'ny Tompo; afaka milaza izay tiany izy ireo, fa izy

ireo dia mandray anjara ao amin'ilay Babylona fanta-daza, fivavahana Satanika, sy niray tamin'ny sampy ka nijangajanga ara-panahy, izay midika hoe fahafatesana. Maty izy ireo.

Noho izany ny fiangonana sy ny fanjakana dia nivady. Ny fiangonana niray tamin'ny sampy. Noho ny herin'ny fanjakana ivohony dia izao no tsapany ankehitriny, "Ny fanjakana dia tonga ary ny sitrapon'Andriamanitra efa nampiharina eto an-tany." Tsy mahagaga raha ny Eglizy Katolika Romana dia tsy miandry ny fiverenan'i Jesosy Tompo. Tsy mino ny fanjakana arivo taona izy ireo. Efa azony ety ny arivo taonany. Ny papa no manjaka amin'izao fotoana izao ary Andriamanitra no manjaka ao aminy. Ary rehefa tonga Izy araka ny fihevitr'izy ireo, dia tsy maintsy ho ny lanitra sy ny tany vaovao no vonona. Saingy diso izy ireo. Io papa io no lohan'ny fiangonana sandoka, ary tsy maintsy hisy ny fanjakana arivo taona, fa raha mbola mitohy izany, izy akory tsy ho ao. Ho toeran-kafa no hisy azy.

FAMPITANDREMANA.
Apokalypsy 2:16. "Mibebaha fa raha tsy izany dia ho avy aminao faingana Aho, ka hamely ireo amin'ny sabatry ny Vavako." Inona koa no mbola azony lazaina? Andriamanitra ve afaka hamela ny fahotan'ny olona izay nitondra ny Anarany tamim-pahadisoana? Tsy misy afatsy lalana iray ihany no ahazoana famindrapo eo amin'ny oran'ny fahotàna, MIBEBAKA. Manaike fa diso ianao. Manatona an'Andriamanitra ho amin'ny famelan-keloka sy ny Fanahin'Andriamanitra. Izany dia didy avy amin'Andriamanitra. Ny tsy mankatò dia fahafatesana, fa hoy Izy: "Izaho no hiady aminareo amin'ny sabatra ao am-bavako." Ilay bibidia niady tamin'ny olo-masina, fa Andriamanitra no hiady amin'ny bibi-dia. Ireo izay miady amin'ny Teny indray andro any dia hahita ny Teny hiady aminy. Tena zava-dehibe ny manala, na manampy ny Tenin'Andriamanitra. Ho an'ireo izay manova izany, ka nanao izany araka izay hitiavany azy, inona no hiafarany fa tsy ny fahafatesana sy fandringanana? Fa mbola miantso mafy ny fahasoavan'Andriamanitra, "Mibebaha". Oh, Endrey ny hamamin'ny eritreritra hibebaka. Tsy misy na inona na inona eo an-tanako ho entiko, ny hazo Fijalianao no hifikirako,hitondrako ny fanaintainako. Mibebaka aho noho ny maha izy ahy sy izay nataoko. Ary ankehitriny dia ny rà, tsy misy afa-tsy ny ràn'i Jesosy. Inona izany no hatao? Ny fibebahana, na ny sabatry ny fahafatesana? Miankina aminao.

NY VALISOA.
Apokalypsy 2:17. "Izay manan-tsofina, aoka izy hihaino izay lazain'ny Fanahy amin'ny fiangonana. Izay maharesy dia homeko hihinana ny mana miafina sady homeko vato fotsy izy, ary eo amin'ny vato dia misy anaram-baovao voasoratra, izay tsy misy olona mahalala afa-tsy izay mandray azy ihany."
Ny hafatra tsirairay isaky ny vanim-potoana dia misy fandrisihana ho an'ny mpino, nampirisika azy ireo mba ho mpandresy, ary amin'izany dia handray valisoa avy amin'ny Tompo. Amin'ity vanim-potoana ity ny Fanahy dia nampanantena ny mana miafina sy ny anaram-baovao voasoratra ao amin'ny vato fotsy.

Ary satria ireo hafatra tsirairay ireo dia miantefa mivantana any amin'ny "anjely": -- (olombelona mpitondra hafatra) andraikitra goavana be sy tombontsoa mahatalanjona no anjarany. Ho an' ireo lehilahy ireo, Andriamanitra dia manao fampanantenana manokana, tahaka ny an'ny apostoly roa ambin'ny folo lahy nipetraka teo amin'ny seza fiandrianana roa ambinifolo hitsara ny firenen'isiraely roa ambin'ny folo. Ary tsarovy fa i Paoly dia nomena fampanantenana manokana; dia ny fanolorana ny vahoakan 'ny ampakarina tamin'ny androny teo amin'i Jesosy, II Korintiana 11:2 "Fa fahasaro-piaro araka an'Andriamanitra no mahasaro-piaro ahy aminareo; fa nataoko fofombadin'ny lehilahy iray ianareo, mba hatolotra tahaka ny virijina madio ho an'i

Kristy." Dia ho toy izany isaky ny iraka izay efa mahatoky amin'ny Tenin'Andriamanitra amin'ny ora sy ny taonany. Ho toy izany amin'ny andro farany. Izany valisoa manokana izay nomena an'i Paoly izany ihany. Mino aho fa ny ankamaroanareo nahatadidy ny nilazako foana fa natahotra ny ho faty aho, fandrao hihaona amin'ny Tompo aho kanefa tsy ho faly amiko Izy satria tsy nahomby tao Aminy aho imbetsaka. Eny ary, dia efa mieritreritra izany aho indray maraina raha nitsotra tao am-pandriana, ary tampoka teo aho dia nakarina tao amin'ny fahitana hafahafa iray. Lazaiko fa hafahafa izany, fa efa nisy an'arivony ny fahitana hitako, fa tsy nisy indray mandeha nahitako ny tenako niala tamin'ny vatako. Fa teo dia nakarina aho; Ary nitodika aho nijery ny vadiko, dia hitako ny tenako nandry teo anilany. Avy eo aho dia nahita ny tenako tao amin'ny toerana faran'izay tsara indrindra hitako. Paradisa ilay izy. Nahita olona maro be sy tsara tarehy indrindra aho ary tena sambatra. Izy rehetra dia toa tanora-- tokony ho 18 ka hatramin'ny 21 taona. Tsy nisy fotsy volo na ketrona na tsy lavorary teo amin'izy ireo. Ny zatovovavy rehetra dia nanana volo nidina hatreo amin'ny valahany, ary ny zatovolahy dia tena tsara tarehy sy matanjaka. Oh,endrey izany nandraisany ahy. Namihina ahy izy ireo, ary nanao ahy hoe ny rahalahiny malalany, ka nitohy nilaza tamiko ny hafalian'izy ireo nahita ahy Rehefa nanontany tena aho hoe iza izy ireo, ilay anankiray teo anilako nilaza hoe: "izy ireo ny vahoakanao".

Tena talanjona aho no nanontany hoe: "Moa ve Branhams daholo ireo?"
Hoy izy hoe: "Tsia, ireo dia olona niova fo avy aminao." Avy eo izy dia nanondro ramatoa iray ka nanao hoe: "Jereo iry zazavavy iry izay vao avy nojerenao teo. 90 taona izy tamin'ny nitondranao azy ho an'ny Tompo."
Hoy aho hoe: "Oh, ny fieritreretana fa izay ilay ahatahorako."
Ilay lehilahy nanao hoe: "Miala sasatra eto izahay miandry ny fiavian'ny Tompo." Namaly aho hoe: "Te-hahita Azy aho."
Dia hoy izy: "Tsy mbola afaka mahita Azy ianao, fa ho avy tsy ho ela Izy, ary rehefa ho avy Izy dia ho eo aminao Izy aloha, dia ho tsaraina ianao araka ny Filazantsara notorianao, ary izahay no ho voakasik'izany."
Hoy aho hoe: "Moa ve ianao milaza hoe tompon'andraikitra amin' ireo rehetra ireo aho?"
Hoy izy hoe: "Ny tsirairay. Nateraka ho mpitarika ianao."
Dia nanontany azy aho hoe: "Ho samy ho tompon'andraikitra ve ny tsirairay? Ahoana ny an'i Masindahy Paoly?"
Ary izy namaly ahy: "Ho tompon'andraikitra tamin'ny androny izy."
"Eny ary," hoy aho hoe, "Izaho anie nitory ny Filazantsara izay notorian'i Paoly ihany e."
Ary ny vahoaka niantso mafy hoe: "izahay mipetraka eo amin'izany."

Eny, hitako fa Andriamanitra dia efa hanome valisoa manokana ho an'ny iraka izay nananatanteraka tamim-pahatokiana ny andraikitra Napetrany taminy. Raha nandray ny fanambarana ny amin'ny Teny izy ireo ho an'izany vanim-potoana izany sy nitory teny tamim-pahatokiana tamin'ny androny, ary niaina izay notoriany, dia handray ny valim-pitia lehibe.

Ary manana izany eritreritra izany ao an-tsaina, jereo indray ity andininy ity. "Izaho no hanome azy mana miafina." Fantatsika rehetra fa ny mana dia sakafon'ny anjely;izany dia ilay nalefan'Andriamanitra teo ambonin'ny ahitra ho an'ny Isiraely tamin'ny fotoana nivezivezen'izy ireo. Lavorary izany sakafo izany. Tena mahavariana raha ireo bolongana kely ireo no nahatonga ny fahasalaman'izy ireo ho tonga lafatra. Tsy nisy narary.Tena ny rehetra nilainy. Rehefa vita ny fiaran'ny fanekena dia nametrahany tamin'io mana io tao anatiny. Ary ny fiaran'ny fanekena dia natao tao ambadiky ny efitra lamba ary ny mpisoronabe ihany no sahy manatona an'io ary tsy maintsy mitondra sorona halatsa-drà izy. Ny mofo avy any an-danitra,

aseho amin'ny mana, indray andro dia nidina tety an- tany avy any an-danitra, ary lasa Fiainana ho an'izay rehetra mino Azy. Dia hoy izy: "Izaho no mofon'ny fiainana. Izaho no mofo velona izay nidina avy tany an-danitra, raha misy olona mihinana ity mofo ity dia ho velona mandrakizay izy." Rehefa lasa Izy dia navelany tamintsika ny Teniny, "Tsy mofo ihany no hiveloman'ny olona fa ny Teny rehetra izay aloaky ny vavan'Andriamanitra."

Ny Teniny dia mofo. Izany no mana tonga lafatra, izay, raha ny olona hiaina amin'izany,dia tsy ho faty intsony izy. Fa rehefa maty ireo ray, dia toa tsy misy mahafantatra ny tena fahamarinana, ary afaka fotoana vitsy io mana io dia lasa miafina tamin'ny olona. Fa amin'ny vanim-potoana rehetra Andriamanitra nanomboka nanome indray tamin'ny alalan'ny fanambaràna, izay nafenina hatramin'izao andro farany izao araka ny Apokalypsy 10:7, hisy mpaminany ho avy ka hanambara ny zava-miafina rehetra, ary avy eo dia ho avy ny Tompo. Ary isaky ny vanim-potoana, hoy aho, ny iraka dia mahazo ny fahamarinana miafina. Fa tsy nandray izany ho an'ny tenany samy irery izy ireo. Fa izany dia ho tahaka ny apostoly, izay nalefa hizara ny mofo marobe sy ny trondro; Jesosy nanome azy ireo ny sakafo efa vaky, fa izy ireo kosa nizara ho an'ny olona. Andriamanitra dia manome ny mana miafina ho an'ny mpandresy. Tsy azo raha tsy izany. Tsy hanokatra ny Hareny ho an'ireo izay manao tsinontsinona izay efa nambara Izy.

Izay nolazaiko momba ny mpitondra hafatry ny vanim-potoana tsirairay, izay nandray avy amin'Andriamanitra ny sasany amin'ny fahamarinan'ny Pantekosta tany am-boalohany dia oharina ao amin'ny Testamenta Taloha izay nadidiana an'i Mosesy haka mana eran'ny vata omera ka hametraka izany eo amin'ny fanaka volamena aorian'ny efitra lamba tao amin'ny masina indrindra. Tao ny mpisoronabe rehetra tamin'ny taranaka nifandimby no afaka niditra miaraka amin'ny fanatitra halatsa-drà, dia afaka maka ampahany kely amin'io mana io izy (fa tsy lo ilay izy) izay anisan'ilay tany am-boalohany, ka mihinana izany. Ary ankehitriny, amin'ny vanim-potoana rehetra, ny iraky ny Tompo ho amin'izany vanim-potoana izany dia nomena ny fanambarana avy amin'Andriamanitra ho an'izany fotoana manokana izany. Raha vao hazavain'ny fahamarinana ilay iraka, dia hitondra izany fahamarinana izany eo amin'ny olona izy. Ary ireo izay ny sofiny dia nosokafan'ny Fanahy no hihaino izany fahamarinana izany, hino izany, ary hiaina amin'izany.

Voalaza eto ihany koa fa Izy dia hanome ny mpandresy vato fotsy, ary ao amin'ilay (fa tsy eo) vato dia misy anaram-baovao, izay ny tompony irery ihany no mahalala azy. Ary ny hevitry ny hoe anaram-baovao dia toa mahazatra ihany. Abrama dia niova ho Abrahama, Saray ho Saraha, Jakoba ho Israely, Simona lasa Petera, sy Saoly lasa Paoly. Ireo anarana ireo dia noho ny fanovàna, na nomena fa hisy fiovàna. Eny taorian'ny Abrama sy Saray novain'ny Tompo anarana dia mba handraisan'izy ireo ny zanany ho avy. Tamin'ny Jakoba, tsy maintsy nandresy izy ary avy eo dia nantsoina hoe mpanjaka. Ny tamin'i Simona sy Saoly, rehefa nandray ny Tompo izy ireo, dia novàna ny azy. Ary amin'izao andro izao ny tsirairay amintsika mpino marina dia manana anarana niova. Kristiana isika. Izany no anarana hikambanantsika rehetra. Fa indray andro any isika dia hanana fiovana iray hafa; raha ny marina dia handray anarana vaovao isika. Mety ho izany koa no tena anarantsika marina tany am-boalohany voasoratra ao amin'ny Bokin'ny Fiainan'ny Zanak'ondry hatramin'ny nanorenana izao tontolo izao. Izy no mahalala ilay anarana, fa isika tsia. Indray andro any ao amin'ny fifaliany, dia ho fantatsika koa izany.

Vato fotsy. Hendre izany hatsarany. Ity misy sarin'ny olo-masina iray hafa nandray valisoa avy amin'ny tànan'Andriamanitra noho ny fitsapana tety an-tany. Fantatrareo, taorian'i Constantin, ny

fiangonana sandoka dia afaka nanatsoboka ny tànany tao amin'ny tahirim-bolam-panjakana, ary tamin'izany dia nanangana trano tsara tarehy fenosary vongana mahafinaritra. Ireo sary vongana ireo, vita tamin'ny marbra fotsy, raha ny marina dia sampy Romana nomena anarana toy ny olona masina. Ny fiangonana sy ny fanaka dia miavaka amin'ny hatsarany, tahaka ny fahitàna azy ankehitriny. Fa Andriamanitra tsy tao aminy.

Taiza Andriamanitra? Tao amin'ny olony masina Izy tamin'ny trano kely sasany, na ao anaty lava-bato, na faritry ny tendrombohitra izay niafenany tamin'ny mpikambana ao amin'ny fiangonana diso. Tsy mba nanana trano tsara tarehy izy ireo, na akanjona mpihira (Chorale), na fitafiana raitra, na zavatra hafa manintona eto amin'ity tontolo ity. Fa ankehitriny kosa, ao amin'ity fampanantenana manokana ho an'ny mpino marina amin'ny sokajin-taona rehetra ity, Andriamanitra dia nanambara fa hanome azy ireo valisoa lehibe tsara tarehy sy maharitra mandrakizay. Aoka ny mpanankarena hanao tsinontsinona ny mahantra. Aoka izy ireo hanome vola be ho an'ny fiangonana, mba hanajany ny mpamatsy vola amin'ny alalan'ny fametrahana ny takelaka vita tamin'ny marbra na sary vongana ho fanomezam-boninahitra azy ireo amin'ny fampisehoana ampahibemaso ka hitehaka rehetra. Indray andro any ilay Andriamanitra mahita sy mahalala ny rehetra dia hidera indray ilay mpitondratena tamin'ny nanomezany izay nananany rehetra, eny fa na dia fa farantsakely roa monja aza, ary Izy Tenany, no hamaly soa amin'ny haren'ny lanitra.

Eny, mana miafina sy anarana vaovao ao amin'ny vato fotsy. Endre izany hatsaran'ny Tompo amintsika amin'ny famaliany soa antsika mahatalanjona, ary isika anefa tena tsy mendrika. Oh, te-ho vonona amin'ny fotoana rehetra aho mba hanao ny Sitrapony, ary mihary harena any an-danitra.

www.believersnewsletter.org

info.bnl.ministries@gmail.com